coopération allemande
DEUTSCHE ZUSAMMENARBEIT

Tanterahin'ny giz Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH

MPEB
MINISTÈRE DE LA PÊCHE ET DE L'ÉCONOMIE BLEUE



# 4. TETIKADIM-PITANTANANA SY IREO LALANA MIFEHY NY FIOMPIANA TRONDRO ETO MADAGASIKARA

TOROLALANA HO AN'IREO FANAO MAHOMBY

Navoakan'ny
Deutsche Gesellschaft für
Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH

Foiben-toerana
Bonn sy Eschborn, Alemaina

Tetikasa PADM (Projet Aquaculture Durable à Madagascar)
Lot IIK 68 Bis Bonnet Soavimasoandro-Antananarivo 101
Madagasikara

padm@giz.de
www.giz.de/ www.giz.de/madagascar-mg

Fanitsiana farany
Martsa, 2023

Lahatsoratra
GIZ:
Olivier Joffre
Nivo Rovahasambarana Irajanahary Ekembahoaka
Daniela Loberline Ratiarisoa
Peter Borchert

Famintinana : Allan L. Razakamahefa
Fandikan-teny : Fiadanantsoa Rakotomanga

Sary GIZ/PADM : Fonony, Pejy 10, 28

Lamina an-takila
Myh Design - Ny Haja Rakotozandriny

Amin'ny anaran'ny Ministera Federaly Alemana ho an'ny fiaraha miasa ara-toe-karena sy ny fampandrosoana
(Bundesministerium für Wirtschaftliche Zusammenarbeit und Entwicklung, BMZ).
Eo ambany fiahian'ny Ministeran'ny Jono sy ny Toe-karena Manga.

## HAFATRY NY MINISITRA



Raha ny tontolo ankapobeny dia hita fa anisan'ny laharam-pahamehana ny famahanana ny olombelona manerantany izay tsy mitsaha mitombo ary koa ny fanatsarana ny faharetan'ny tahiry, amin'ny fiarovana ny rohy voahary sy ny aina miampy ny fahafam-pisiana maharitra, ny Fampamokarana ny Atirano dia manana anjara toerana goavana eto. Arak'izany, dia afaka miteny fa fanamby lehibe ho an'ny fanjarian-tsakafo ny Fampamokarana ny Atirano. Io no antony nilazana azy ho hoavin'ny jono eran-tany izay mifandraika amin'ny olan'ny fitrandrahana tafahoatra eo amin'ny sehatry ny jono, ny fahasimbana tsikelikely ny toeram-ponenan'ireo hazandrano ary ny fiovaovan'ny toetrandro amin'ny ankapobeny.

Manoloana ireo fanamby amin'ny fampananan'asa mendrika hoan'ny rehetra (Velirano 6), ny fahavitan-tena ara-tsakafo (Velirano 9) ary ny fitantanana maharitra ny harena voajanahary (Velirano 10), ny Fampamokarana ny Atirano dia manana ny anjara toerany lehibe amin'ny fampiroboroboana ny Toekarena manga eto Madagasikara.

Maneran-tany, ny vokatry ny jono amin'ny toerana voajanahary, teo anelanelan'ny taona 2009 sy 2018, dia manodidina ny 90 tapitrisa taonina isan-taona. Mifanandrify amin'izay, ny vokatra azo avy amin'ny Fampamokarana ny Atirano dia niainga tamin'ny 55,2 hatramin'ny 82,1 tapitrisa taonina izay nahitana fiakarany 48,7 %.

Aty Afrika, ny hadirin'ny ny vokatra trondro azo avy amin'ny jono, sy ny fitrandrahana ny atirano dia nitombo 35% teo anelanelan'ny taona 2009 sy 2018 niainga tamin'ny 7,5 tapitrisa taonina hatramin'ny 10,1 taonina. Mifanandrify amin'izay, ny vokatry ny Fampamokarana ny Atirano dia nahitana fitomboana 120% raha 1 tapitrisa taonina dia lasa 2,2 tapitrisa taonina.

Ny Ministeran'ny Jono sy ny Toekarena Manga dia nanao ny ezaka rehatra amin'ny fampiroboroboana ny taham-pamokarana ny Atirano sy ny rojom-pihariana mifandraika amin'izany. Ho fanatanterahana izany dia nametraka drafi-panajariana mifandraika amin'ity sehatra ity, ny fahaiza-mitantana, indrindra ny Paikady Nasionaly sy ny Drafitr'asa ho fampiroboroboana ny seha-pihariana toy ny Fampamokarana ny Atirano an-tanety, ny Fambolena lomotra, ny Fiompiana zanga sy ny Fiompiana drakaka mifototra amin'ny Lalàna sy ny andinin-dalàna fampiharana mahakasika ny seha-pihariana eto Madagasikara.

Ny faniriko dia mba ahasoa sy ilainareo amin'ny fanatanterahana ny hetahetanareo sy ahafahana mamita antsakany sy andavany ny tetikasa sahaninareo ity tahirin-kevitra ity.

MINISTRE DE LA PECHE
ET DE L'ECONOMIE BLEUE

MAHATANTE TSIMANAORATY
Paubert

# Fizahan-takelaka


**Lisitry ny fafana** 4
**Lisitry ny fanafohezan-teny** 4
**Famintinana** 5

**4.1 Ny politika sy paikady nasionaly mahakasika ny fiompiana trondro** 9
4.1.1 Ny politikam-panjakana sy ny rafitra stratejika ho an'ny sehatry ny fiompiana trondro amin'ny ambangovangony 12
4.1.2 Ireo raki-kevitra politika sy stratejika manan-kery 13
Ireo tanjona ho an'ny fampandrosoana lovain-jafy 13
Fanambaràna tao Shangaï 15
Fandaharan'asa 2063 17
Ny Paikady sy ny drafitr'asa ho an'ny fiompiana trondro eo anivon'ny SADC 18
« Initiative pour l'Emergence de Madagascar » 21
Ny politika manga 22
Programan'asa ho an'ny Sehatry ny Jono, ny Fambolena sy ny Fiompiana (PSAEP) Drafitra Nasionaly ny Fampiasam-bola ho an'ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Jono (PNIAEP) 23
Paikady nasionaly ho an'ny Fiompiana trondro eto Madagasikara (SNDAM) 24
Drafitra fampandrosoana ny Fampamokarana ny atiranomamy sy rano matsaboka eto Madagasikara (PDACM) 26

**4.2 Lalàna sy fitsipika mifehy ny fiompiana trondro eto Madagasikara** 31
4.2.1 Hetsika/fitrandrahana ny fiompiana trondro 37
4.2.1.1 Ireo Rafi-pamokarana 37
4.2.1.2 Ireo tanjon'ny fitrandrahana 38
4.2.1.3 Ny fomba fanatanterahana ny asa famokarana ny atirano 39
4.2.1.4 Ny fanaovana asa famokarana ny atirano maharitra 41
4.2.1.5 Ny sazy mihatra manoloana ny fandikan-dalàna eo amin'ny sehatry ny asa fampamokarana ny atirano 46
4.2.2 Fifampiraharahana ara-barotra sy fivarotana vokatra 51
4.2.3 Lohahevitra manokana 57
4.2.3.1 Ny fiarovana/Fandriampahalemana 58
4.2.3.2 Ny fahadiovana sy ny fepetra ara-pahasalamana 61
4.2.3.3 Sakafo sy akora fototra 65
4.2.3.4 Komity teknika ho an'ny fampiroboroboana ny fiompiana sy ny zavamananaina anaty rano «monosexe» 66
4.2.3.5 Fiompiana trondro anaty fefy mitsingevana 67
4.2.3.6 Fampidirana «karazana» (foto-tarazo) vaovao sy fiarovana ny harena ara-biolojika 68
4.2.3.7 Ny fitrandrahana ny amalona eto Madagasikara 69

**TOVANA** **71**
Tovana 1 : Fehin-kevitra nilaina nandritry ny fanatontosana ny asa 72
Tovana 2 : Tetiandrom-pamokarana trondro 76

# Lisitry ny fafana

Fafana 1 : Famintinana ireo raki-kevitra politika sy stratejika 12
Fafana 2 : Didy aman-dalàna sy fanapaha-kevitra mahakasika ny fiompiana trondro eto Madagasikara 36
Fafana 3 : Ireo fandikan-dalàna sy sazy mifandraika amin'ny asa fiompiana trondro. 51

# Lisitry ny fanafohezan-teny

CMA 2020 : Conférence Mondiale sur l'Aquaculture du Millénaire+ 20 (Fihaonambe erantany momba ny fiompiana trondro ho an'ny arivo-taona + 20)
EIE : Etude d'Impact Environnemental (Fanadihadiana ny fiantraika eo amin'ny tontolo iainana)
FAO: Food and Agriculture Organization of the United Nations (Sampandraharahan'ny Firenena Mikambana misahana ne Sakafo sy ny FambolenaFikambanana misahana ny aratsakafo sy ara-pambolena eo anivon'ny Firenena Mikambana)
IEM : Initiative pour l'Emergence de Madagascar (Fisandratan'i Madagasikara)
MARA: Ministère de l'Agriculture et des Affaires Rurales de la République Populaire de Chine (Minisiteran'ny Fambolena sy ny Raharaha ambanivohitra ao amin'ny Repoblikan'i Sina)
MECIE : Mise En Compatibilité de l'Investissement avec l'Environnement (Fampifanarahana ny fampiasam-bola amin'ny tontolo iainana)
MEDD: Ministère de l'Environnement et du Développement Durable (Minisiteran'ny Tontolo iainana sy ny Fampandrosoana Maharitra)
MPE: Maison du Petit Elevage
MPEB: Ministère de la Pêche et de l'Economie Bleue (Ministeran'ny Jono sy ny Toekarena Manga)
NACA: Réseau des Centres d'Aquaculture en Asie-Pacifique (NACA) (Tambajotran'ny Ivontoerana manao asa Fiompiana trondro any Azia-Pasifika)
ODD: Objectifs de développement durable (Tanjon'ny Fampandrosoana lovain-jafy)
ONE : Foibem-pirenena momba ny Tontolo Iainana
PADM : Projet d'Aquaculture Durable à Madagascar (Tetikasa ho an'ny Fiompiana trondro Maharitra eto Madagasikara)
PGEP : Plan de Gestion Environnemental du Projet (Drafi-pitantanana ara-tontolo iainan'ny tetikasa)

PIB: Produit intérieur brut (Harin-karena faobe)
PNIAEP: Plan National d'Investissement Agriculture Elevage Pêche (Drafitra fampiasambola nasionaly momba ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Jono)
PREE : PRogramme d'Engagement Environnemental (Programan'asa ho fitandrovana ny Tontolo iainana)
PSAEP : Programme Sectoriel Agriculture Elevage Pêche (Fandaharan'asa manokan'ny Fambolena, ny Fiompiana sy ny Jono)
SADC : Southern African Development Community (Vondrom-piarahamonina ho an'ny fampandrosoana ny firenena amin'ny faritra atsimon'i Afrika)
SNDAM : Stratégie Nationale de Développement de l'Aquaculture à Madagascar (Paikady nasionaly ho an'ny fampandrosoana ny fiompiana trondro eto Madagasikara)
UA : Union Africaine (Firaisam-be afrikanina)
UNCLOS : Convention des Nations Unies sur le Droit de la Mer (Fifanarahan'ny Firenena Mikambana mikasika ny Lalàn'nylalana momba ny ranomasina)

# Famintinana

## Fepetra fototra takian'ny sehatry ny fiompiana trondro eto Madagasikara

Toy ny sehatra rehetra eto Madagasikara, ny sehatry ny fampamokarana ny atirano dia namolavola paikady ho enti-mampiroborobo ny tenany sy ny sehatr'asa samihafa ao aminy. Noho izany indrindra, ny sehatry ny fiompiana trondro eto Madagasikara dia manana politika, stratejia ary Lalàna izay mifehy azy ary velabelarina ato amin'ity Boky faha-4 ity.

### Politika sy paikady nasionaly momba ny fiompiana trondro

Ny politikan'ny sehatra sy ny rafitra stratejika mifehy ny fiompiana trondro dia fehezin'ireto manaraka ireto : voalohany, ny rafitra iraisam-pirenena toy ny Tanjona Fampandrosoana Maharitra ho an'ny 2030 (Objectifs de développement durable horizon 2030), sy ny Fanambarana tao Shanghai; faharoa, ny rafitra isam-paritra, indrindra ny Agenda 2063 an'ny Vondrona Afrikanina sy ny Paikady sy drafitr'asan'ny SADC momba ny fiompiana trondro; ary fahatelo, ny rafitra nasionaly toy ny IEM (Initiative pour l'emergence de Madagascar), ny Taratasin'ny politika manga, ny Fandaharan'asa ho an'ny sehatry ny Fambolena, Fiompiana, Jono/ Drafitra Nasionaly ny Fampiasam-bola ho an'ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Jono, ny Paikady nasionaly ho an'ny fiompiana trondro eto Madagasikara ary ny Drafitra fampandrosoana ny fiompiana trondro an-tanety eto Madagasikara.

### Ireo lalàna mifehy ny fiompiana trondro eto Madagasikara

Ny fitaovana enti-miady eo amin'ny lafiny lalàna amin'ny sehatry ny fiompiana dia miompana amin'ny lalàna sy fitsipika maromaro mifehy ny fiompiana trondro eto Madagasikara ary ny lohahevitra vitsivitsy mifandraika amin'io sehatra io.

Ny Boky dia maneho ireo lahatsoratra maromaro mirakitra ny lalàna sy fitsipika mba hananana topimaso ankapobeny momba ny sehatra na tsy mitanisa ny lisitra feno amin'ireo lahatsoratra azo ampiharina aza. Ao anatin'ireo lahatsoratra ireo dia afaka mitanisa lahatsoratra vitsivitsy izay mifantoka manokana amin'ny asa fiompiana trondro, toy ny Lalàna 2015-053 izay Fehezan-dalàna mifehy ny jono sy ny fiompiana trondro, ny didim-panjakana laharana 2017-532 momba ny varotra sy ny fanombanana ny vokatra anaty rano na ny didim-panjakana laharana 2016-1493 mifehy ny fiompiana trondro. Ny lahatsoratra hafa dia mifantoka amin'ny lohahevitra manokana toy ny didim-panjakana laharana 2005-37 izay namoronana ny Fahefana ara-pahasalamana momba ny jono, didim-pitondrana laharana faha-9037/2020 mamaritra ny fepetra sy ny fomba famoahana ny karatry ny mpiompy trondro, didim-pitondrana laharana faha-3925/2018 momba ny fanomezana fankatoavana ara-pahasalamana (agrément zoosanitaire), didim-pitondrana laharana faha-3924/ 2018 mikasika ny fanangonana sy fitaterana ireo vokatry ny fiompiana trondro, didim-

pitondrana iraisan'ny ministera laharana 22914-2004 nananganana ny famokarana sy fivarotana zana-trondro sy trondro na koa ny fanapahana laharana 277/2022/ MMPEB/Mi mametraka ny komity teknika fampiroboroboana ny fiompiana sy zavamananaina anaty rano tokam-pananahana (monosexe) .

Amin'io lisitra io dia mendrika singanina manokana ny lalàna 2015-053 izay fehezan-dalàna mifehy ny jono sy ny fiompiana trondro ary ny lalàna 2018-026 momba ny fanavaozana ny lalàna mifehy ny jono sy ny fiompiana trondro. Ireo lalàna ireo no nahafahana nanokana sehatra lehibe kokoa ho an'ny fiompiana trondro ao anatin'ny rafitry ny lalàna mifehy. Indrindra indrindra, ny lalàna 2015-053 dia manome fanasokajiana ny fiompiana trondro araka ny rafitra sy ny karazana. Ity lalàna ity koa dia mamolavola ireo fepetra amin'ny fisahanana ny asa fiompiana trondro ary ny faharetan'io asa io sy ny sazy mifandraika amin'io sehatr'asa io. Didy fampiharana maromaro rahateo moa no miainga avy amin'io lalàna io ary manamafy ny rafitry ny lalàna mifehy ny sehatra.

Ity Boky faha-4 ity dia feno famaritana ary ny nanoratana azy dia natao ho azo antoka amin'ny tsy hivoanany amin'ny hevitra ao amin'ireo antontan-kevitra nakana azy. Manome famaritana ny teny sy manazava ny hevitr'ireo voam-bolana sarotra ihany koa ny Boky mba ahafahan'ny mpisehatra sy mpandray anjara rehetra mahazo tsara ireo fepetra fototra takian'ny sehatry ny fiompiana trondro.

*Fanamarihana ho an'ny mpamaky*

Nosoratana manokana ity « Boky » ity mba ahafahana maneho ireo fepetra ilaina sy takiana eo amin'ny sehatry ny fiompiana trondro eto Madagasikara.
Raha tsorina dia, ny ampahafantarana ny rafitra sy ny lalàna velona mifehy ny sehatry ny fiompiana trondro eto Madagasikara no antony namolavolana ity « Boky » ity.

Ity «Boky» ity dia natao ho an'ny olon-drehetra, na manana fahalalàna momba ny politikam-panjakana sy momba ny lalàna amin'ny ankapobeany izy na tsia, mba ahafahan'ny rehetra :

- Mahazo fahalalana amin'ny fijerena ireo antotan-taratasy ary koa fahalalana amin'ny ankapobeany ny voalazan'ireo raki-kevitra ara-politika sy mahakasika ireo lalàna velona mifehy ny sehatra fiompiana trondro ;
- Mahavaha ny olana manoloana ny fahasarotan'ireo voambolana fampiasa, amin'ny alàlan'ireo famaritana fohy ny teny ampiasaina;
- Mahazo famintinana maromaro mba hahamora ny fahafantarana ireo tahiri-kevitra mikasika ireo paikady sy lalàna momba ny fiompiana trondro.

# 4.1 Ny politika sy paikady nasionaly mahakasika ny fiompiana trondro



*Ny sehatry ny fiompiana trondro dia fehezin'ny raki-kevitra (documents) maro izay manan-danja eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena sy eo amin'ny sehatra nasionaly. Ny Paikady Nasionaly ho an'ny Fampandrosoana ny Fiompiana trondro eto Madagasikara (SNDAM) sy ny Drafitra fampandrosoana ny fampamokarana ny atiranomamy sy rano matsaboka eto Madagasikara (PDACM) no notontosaina farany indrindra tamin'ireo «raki-kevitra lasitra»ireo, izay mamaritra fepetra maro samihafa.*

*Firehan-kevitra/Tanjona/Foto-kevitra maro ho fampandrosoana ny sehatra Fiompiana trondro no mivondrona ao amin'ireo raki-kevitra fototra ireo. Raha tsy hitanisa afa-tsy ny sasan-tsasany fotsiny isika toa: ny fitantanana mahomby ny sehatry ny fiompiana trondro, ny fiaraha-miasan'ny fanjakana sy ny sehatra tsy miankina, ny fametrahana tontolo tsara sy maharitra ho an'ny fampandrosoana io sehatra io, ny fahazoana sakafo ampy sy azoantoka, ny famoronana loharanom-bola vaovao, ny fivoaran'ny toe-karena ary ny zara-mira ara-toekarena.*

## 4.1.1 Ny politikam-panjakana sy ny rafitra stratejika ho an'ny sehatry ny fiompiana trondro amin'ny ambangovangony

Ireto avy ny raki-kevitra stratejika mihatra[1] eo amin'ny sehatry ny fiompiana trondro:

| | Raki-kevitra | Tenin-tsivana |
|---|---|---|
| 1 | Tanjona ho an'ny fampandrosoana lovain-jafy **Vina 2030** | Fampandrosoana lovain-jafy, ady amin'ny hanoanana, fitomboana, fametrahana fotodrafitrasa, fiainana anaty rano. |
| 2 | Fanambaràna tao Shangaï | Fiompiana trondro, laharam-pahamehana folo, fanjarian-tsakafo, seha-piariana azo ianteherana, paikady, fampiasam-bola. |
| 3 | Fandaharan'asa 2063 : Firaisam-be Afrikanina) **2015-2063** | Paikady, Afrika,hetaheta, laharampahamehana, fahombiazana,fitomboana, fananana asa, toe-karena manga, fotodrafitrasa, fifanakalozana ara-barotra,indostria. |
| 4 | Paikady rezionaly sy drafitr'asa ho an'ny fiompiana trondro eo anivon'ny SADC **2016-2026** | Tombontsoa azo trandrahana, paikady, famokarana,fitombon'ny harin-karena, fanjarian-tsakafo, fampihenana ny fahantrana, fananana asa. |
| 5 | Initiative pour l'Emergence de Madagascar **2019-2023** | Politikam-panjakana, firehana stratejika, sori-dalana stratejika. |
| 6 | Taratasy momba ny politika manga **Hatramin'ny ny taona 2025** | Fiompiana trondro, firehana 2025, tanjona, fotokevitra |
| 7 | Fandaharan'asa ho an'ny sehatry ny Fambolena, Fiompiana, Jono/ Drafitra Nasionaly ny Fampiasam-bola ho an'ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Jono **2014-2025** | Vina 2025, seha-pihariana, tetibola, fampidirana,fanamby, fandaharana lamin'asa. |
| 8 | Paikady nasionaly ho an'ny fiompiana trondro eto Madagasikara **2021-2030** | Fiompiana trondro, raki-kevitra stratejika, drafitra-fampandrosoana, rafi-pamokarana, sakafo, masomboly, renivola,  fanamafisana fahaiza-manao,fikarohana, fametrahana fitsipika sy rafitra. |
| 9 | Drafitra fampandrosoana sy fampamokarana ranomamy sy rano matsaboka eto Madagasikara (PDACM) **2021-2030** | Fiompiana trondro an-tanety, sori-dalana stratejika, hetsika laharampahamehana, fiaraha-mientana, asa, komity mpanara-maso. |

*Fafana 1 : Famintinana ireo raki-kevitra politika sy stratejika*

*1. Zava-misy tamin'ny taona 2021.*

## 4.1.2 Ireo raki-kevitra politika sy stratejika manan-kery

- **Ny rafitra iraisam-pirenena mahakasika ny sehatry ny fiompiana trondro:**

Ny famolavolana ireo «raki-kevitra fototra» ho an'ny sehatra fiompiana trondro eto Madagasikara dia mifanaraka amin'ny fametrahana rafitra eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena (1) sy  amin'ny faritra Afrika (2).

Misahana ny tanjona ho an'ny fampandrosoana maharitra ilay rafitra iraisam-pirenena, raha toa ka miompana amin'ny Fandaharan'asa 2063 («Agenda 2063») sy ny « SADC Regional Aquaculture Strategy and Action Plan » kosa ilay faritra ho an'ny faritra Afrika.

### ◆ Ireo tanjona ho an'ny fampandrosoana lovain-jafy

**Fampahafantarana :**

Tanjona maro ho an'ny fahombiazana ao anatin'ny fitandrovana tanteraka ny planeta, ary koa mba hamohanana ny fahantrana no napetraka. Ny hetsika rehetra mifandraika amin'ny tanjona ho fampiharana azy dia mipaka amin'ny sehatra maneran-tany sy amin'ny isam-batan'olona.

**Ireo tanjona mahakasika ny fiompiana trondro :**

Tanjona ho an'ny fampandrosoana lovain-jafy  :




**Tanjona 1 : Tsy misy fahantrana : Hanafoana ny fahantrana amin'ny endriny rehetra manerana izao tontolo izao**

*Hetsika maro no voizin'io tanjona io, toa ny fametrahana fiahiana ara-tsôsialy, ny fahazoan'ireo sokajin'olona marefo misitraka ireo loharanon-karena samihafa, ny fahafahan'ny mahantra sy ireo olona marefo miatrika ny fiovaovan'ny toetr'andro, ny fametrahana paikady manome vahana ny fanafoanana ny fahantrana sy ny fanafainganana ireo fampiasam-bola ho fampihenana ny fahantrana.*




**Tanjona 2 : Hanoanana mira «Aotra» : Hanafoana ny hanoanana, hiantoka ny fanjarian-tsakafo, hanatsara ny kalitaon'ny sakafo ary hampiroborobo ny fambolena maharitra**

*Ity tanjona anankiray ity dia mikendry indrindra ny hampitsaharana ny tsy fanjarian-tsakafo, indrindra amin'ny alàlan'ny famaliana ireo filàna ara-tsakafon'ny zatovovavy, ny vehivavy bevohoka na mampinono ary koa ny zokiolona; amin'ny alàlan'ny fampitomboana avo roa heny ny vokatra ara-pambolena sy ny fidiram-bolan'ny mpamokatra sakafo madinika, indrindra ny vehivavy sy ny ankohonana; amin'ny alàlan'ny fiantohana*

*ny fitovian-jò amin'ny fisitrahana ny fahazoana tany, ireo loharanom-pamokarana sy ny fitaovana enti-mamokatra, ny fahalalana, ny tolotra ara-bola sy ny sehatry ny tsena; ary koa amin'ny alàlan'ny fiarovana ny fahasamihafan'ny fototarazon'ny masomboly sy ny fampiroboroboana ny fahazoana misitraka ireo tombony amin'ny fampiasana ny loharano ara-jenetika, sy ny fifampizarana ara-drariny ny tombony azo amin'izany.*

*Tafiditra ao anatin'ireo hetsika ireo ihany koa ny fampiasam-bola izay anomezana vahana manokana ny fotodrafitrasa ambanivohitra, ny fametrahana ireo ivon-toerana misahana ny fikarohana sy ny fanapariahana momba ny fambolena, ny fanamafisana ny fahafaha-mamokatra amin'ny sehatry ny fambolena amin'ireo firenena an-dalam-pandrosoana, ary koa ny fanamorana ny fahazoana vaovao sy antotan-kevitra mahakasika ny sehatry ny tsena.*

**Tanjona 8 : Asa mendrika sy fitomboan'ny harin-karena : Hampiroborobo ny fitombon'ny harin-karena marin-toerana, mizara mira ary maharitra;ny fahampian'ny asa azo antoka sy mamokatra; ary koa ny fisian'ny asa mendrika ho an'ny rehetra.**

*Ny atao hoe fitomboana dia midika PIB farafahakeliny 7% ho an'ireo firenena tsy dia mbola mandroso. Ity tanjona iray ity dia mitaky famokarana ara-toekarena mifototra amin'ny faha-samihafana, ny fivoarana sy ny fanavaozana, ny fampiroboroboana ny politika miompana amin'ny fampandrosoana manome vahana ireo asa-famokarana, ny famoronana asa mendrika, ny fanamorana ny fidirana amin'ny sehatry ny asa ara-dalàna, ny famokarana maharitra ary ny fampiroboroboana ny miralenta eo amin'ny fidirana ho mpiasa.*

**Tanjona 9 : Indostria, fanavaozana sy fotodrafitrasa : Hanangana fotodrafitrasa maharitra, hampiroborobo ny sehatry ny indostria maharitra sy mahasoa ny rehetra, ary hamporisika ny fanavaozana.**

*Ny hetsika mifandraika amin'izany tanjona izany dia mahakasika ny fametrahana: fotodrafitrasa tsara kalitao, azo ianteherana, maharitra ary mateza; sehatra indostrialy maharitra; fanamorana ny fidirana amin'ny tolotra ara-bola ho an'ny indostria madinika ; fahazoana mampiasa teknolojia sy hay tao ara-indostrialy madio sy mitandro ny tontolo iainana; ary koa famporisihana ho amin'ny fanavaozana amin'ny alàlan'ny fanamafisana ny fikarohana siantifika.*

**Tanjona 14 : Fiainana anaty rano : Hitandro sy hitrandraka amin'ny fomba maharitra ny ranomasim-be, ny ranomasina ary ny harena an-dranomasina ho an'ny fampandrosoana maharitra.**

## 4. Tetikadim-pitantanana sy ireo  lalana mifehy ny fiompiana trondro eto madagasikara

*Ny hetsika amin'ity tanjona ity kosa dia mifandraika amin'ny fampihenana ny fandotoana an-dranomasina ary ireo sehatr'asa an-dranomasina rehetra, sy ny fitrandrahana maharitraan'ireo loharanon-karena, miaraka amin'ny fitantanana maharitra ny jono sy ny fiompiana trondro.*

### ◆ Fanambaràna tao Shangaï

Rehefa dinihina ny anjara asany eo amin'ny sehatry ny fanjarian-tsakafo, eo koa ny fihinanana sakafo avy amin'ny henam-biby izay miha mahazo vahana, ary ny fiakaran'ny filàna noho ny fitombon'ny isan'ny mponina, dia azo lazaina fa tena mandray anjara lehibe  amin'ny famoronana asa sy ny fanjarian-tsakafo ny fiompiana trondro.Ny Fanambarana Shanghai dia mikendry ny handraisana anjara amin'ny fanatontosana ny «Fandaharan'asa 2030» (Vina 2030) sy ireo tanjona ho an'ny fampandrosoana lovain-jafy. Mifantoka amin'ny fanontaniana maro ity fanambaràna ity: ahoana no fomba hitondran'ny fiompiana trondro ny anjara-birikiny amin'ny fanatontosana ireo tanjon'ny fampandrosoana lovain-jafy? Aiza ho aiza no tokony hisy an'io seha-pihariana io ao anatin'ny folo taona? Ahoana no hanatràrana ireo tanjona ireo?

#### a. Vina, fandraisana andraikitra sy laharampahamehana

Ireto avy ny vina apetrak'ilay fanambarana mahakasika ny sehatra fiompiana trondro :

- Ny hanetsiketsehany ireo herijika ananany rehetra ho an'ny famokarana tsaratsara kokoa ;
- Ny famaliana ny filàna rehetra sy ny tinady ;
- Ny fandraisany anjara amin'ny fampandrosoana maharitra ara-toekarena, sôsialy sy ny tontolo iainana ;
- Ny fandraisany anjara amin'ny famongorana ny fahantrana sy ny tsy fanjarian-tsakafo ;
- Ny maha tomponandraikitra azy amin'ny fitandrovany ny tontolo iainana[2].

#### b. Fanoloran-tena sy fandraisana andraikitra[3]

Fandraisana andraikitra dimy no mivoitra ao amin'io fanambarana io :

❶ Ny fampiroboroboana ny fampandrosoana maharitra ny fiompiana trondro izay ahitana taratra ireto lafiny telo manaraka ireto dia : ny fitandrovana maharitra ny tontolo iainana

2 *« (…) Sehatry ny fiompiana trondro izay manokatra ny lalana ho an'ny rafitra ara-pambolena sy fiompiana mahavokatra ; mahomby ; mateza ; mifanaraka amin'ny toetr'andro ; ary mandray andraikitra eo amin'ny sehatra sôsialy sy ny tontolo iainana, manome lanja ny fahafahany mamaly ireo filàna vokatra sy sakafo azo antoka; ara-pahasalamana ; afaka sitrahan'ny rehetra ary mifanaraka amin'ny fahefa-mividy. Sehatry ny fiompiana trondro izay tsy dia manana fiantraikany be loatra eo amin'ny tontolo iainana; mandray anjara mavitrika amin'ny fampandrosoana maharitra sy ny famongorana ny fahantrana ; ny tsy fanjarian-tsakafo sy ny hanoanana, ary koa mivoatra amin'ny fomba maharitra amin'ny lafiny ara-toekarena, sôsialy sy ara-tontolo iainana. »*

3 *Izao no fomba ilazany azy ao amin'ny fanambarana « Amporisihinay ny fanoloran-tena ho an'ireto fandraisana andraikitra fototra ireto (…) ». Ity fanambarana ity dia natao nandritra ny famaranana ny Fihaonam-be Irai-sam-pirenena momba ny Fiompiana trondron'ny Arivo-taona +20 («Conférence Mondiale sur l'Aquaculture du Millénaire + 20» ) na koa CMA 2020, notarihin'ireo mpikambana ao amin'ny Firenena Mikambana misahana ny Fanjarian-tsakafo sy ny Fambolena (FAO), ary miaraka amin'ny fiaraha-miasan'ny Ministeran'ny Fambolena sy ny Fiahiana ny tontolo ambanivohitra (MARA) an'ny Repoblika Entim-bahoakan'I Sina ary koa ireo Tambajo-tran'ny ivon-toerana Fiompiana trondro any Azia-Pasifika (NACA).*

sy ny fampandrosoana ara-tsôsialy ary ny ara-toekarena, avy amin'ny firotsahana an-tsehatry ny mpikatroka mangaraharana sy azo itokisana ;

❷ Ny fampiroboroboana ny fitantanana mahomby eo amin'ny sehatry ny fiompiana trondro izay midika ho: fiaraha-mitantana ara-drariny sy mangarahara ; fahefana azo antoka; fanoloran-tena sy fandraisana andraikitra avy amin'ny mpandray anjara rehetra; fametrahana rafi-pitantanana mirindra sy iraisan'ny rehetra ary koa mahomby ; fametrahana ireo fepetra fototra sy ny fomba hitantanana ny mety ho sakan-tsakana rehetra ; ary koa fisian'ny rindran-damina ho an'ny fametrahana drafitra, asa fanaraha-maso, fanamafisana fahaiza-manao sy fiaraha-miasa eo amin'ny fanjakana sy ny sehatra tsy miankina.

❸ Ny fanamafisana ny fiaraha-miasa ho an'ny famoronana sy ny fizarana fahalalàna, vaovao sy teknolojia amin'ny alàlan'ny :

- Ny fanetsiketsehana indray ny fiaraha-miasa maneran-tany ho an'ny fampandrosoana ;
- Ny fametrahana tambajotra ho an'ireo ivon-toeram-pandrosoana (miaraka amin'ny fanohanana ara-bola sy ara-teknolojia, ary koa ny fanamafisana ny fahaiza-manao) ;
- Ny fametrahana sehatra fifanakalozan-kevitra iombonana (fanatsarana ny rafitra fampahalalam-baovao sy fanangonana antotan-kevitra) ;
- Ny fanavaozana ny fiompiana trondro nentim-paharazana (teknolojia nomerika, fandaharan'asa fanamafisana fahaiza-manao, fanentanana) ;

❹ Ny fampiasam-bola ho an'ny fanavaozana, fikarohana ary fampandrosoana eo amin'ny fiompiana trondro, izay hita taratra amin'ny fampiasam-bola amin'ny sehatra tsy miankina sy amin'ny fanjakana, miaraka amin'ny taham-pahombiazana azo refesina ary maharitra, ary koa fampiasam-bola manokana, feno ary ahitam-bokany ;

❺ Ny fametrahana fomba fifandraisana malalaka sy mangarahara manodidina ny fiompiana trondro maharitra, amin'ny alàlan'ny fametrahana paikadim-pifandraisana mifanaraka amin'ny tanjona apetraka (fanamafisana ny fangaraharana), ny fanehoana ireo tombontsoa azo avy amin'ny fiompiana trondro (fanjarian-tsakafo, fisian'ny asa fivelomana sy fitomboan'ny harin-karena, ny fahafahana mampihena na manalefaka ny fiatraikan'ny fiovaovan'ny toetr'andro maneran-tany).

### d. Laharampahamehana stratejika :

Mifantoka amin'ny laharampahamehana folo ny fanambarana tao Shanghaï :

**A.** Hampitombo ny fandraisan'anjaran'ny fiompiana trondro eo amin'ny rafitra maharitra miahy ny fambolena sy ny ara-tsakafo mba hamelomana ireo firenena maneran-tany, hampihena ny fahantrana ary hanome sakafo ara-pahasalamana sy be otrikaina ny mponina ao anatin'ny fanajana tanteraka tontolo iainana ;

**B.** Hampiditra sy hampifandray ny fiompiana trondro eo anivon'ny tontolo voajanahary, ny fambolena, ny jono, ny fitantanana ny ala sy ny zava-maniry, ny fizahan-tany, ny angovo azo havaozina sy ny sehatra hafa, ary koa ny rafitra miahy ny fambolena sy ny ara-tsakafo mba hanamafisana ny faharetan'ny fampandrosoana ;

**D.** Hanatsara hatrany ny taham-pahombiazan'ny fiompiana trondro sy ny fahafahany mampihena ny fiantraikany amin'ny harena voajanahary. Hampiasa ireto farany amin'ny fomba mahomby kokoa sy hanatsara ny tolotra momba ny tontolo iainana ;

**E.** Hampiroborobo ny fomba fampandrosoana ny fiompiana trondro izay mitandro sy manatsara ny tontolo iainana sy ny zavamananaina ary mampihena ny hamafin'ny karbaona ateraky ny rafi-pamokarana sakafo isan-karazany ;

**F.** Hiaro sy hampivelatra ny fivelomana mifototra amin'ny fiompiana trondro ary hampiroborobo ny asa mendrika sy ny orinasa maro samihafa amin'ny lafiny ara-tsôsialy ;

**G.** Hiantoka ny fanomezan-danja sy fahaleovan-tenan'ny vehivavy amin'ny fametrahana rafitra tena miralenta eo amin'ny sehatry ny asa, amin'ny alalan'ny politika mitondra fiovana ho amin'ny fitovian-jò ny lahy sy ny vavy ;

**H.** Hamorona fahafahana miavo-tena ho an'ny zatovovavy sy ny zatovolahy ;

**I.** Hampiroborobo ny fandraisana anjara mavitriky ny mponina eo an-toerana amin'ny sehatry ny fiompiana trondro ;

**J.** Hiomana amin'ny krizy eran-tany, toy ny fiovaovan'ny toetr'andro, ny fahasimban'ny tontolo iainana, ny fandotoana sy ny areti-mifindra, ary hiezaka hanamaivana ny vokatr'izany ;

**K.** Hanamafy ny fanangonana sy famakafakana ny antotan-kevitra sy tarehimarika ary koa ny vaovao, ho fanaraha-maso ny fivoarana sy ny fandraisana anjaran'ny sehatra fiompiana trondro.

## ◆ Fandaharan'asa 2063

### a. Fampahafantarana

Ity fandaharan'asa ity dia rafitra stratejika iray eo anivon'i Afrika izay mikendry ny fampandrosoana ho an'ny rehetra sy maharitra. Tafiditra ao anatin'izany ny hetahetan'i Afrika sy ireo pograman'asa lehibe rehetra ho fampandrosoana sy fanovana azy.

### b. Hetaheta avy amin'ny Fandaharan'asa 2063

Hetaheta 7 no hita ao amin'ny fandaharan'asa 2063. Ny hetaheta 1 sy faha 3 no mahakasika ny fiompiana trondro :

**_Hetaheta 1:_**
**_Afrika miroborobo mifototra amin'ny fivoaran'ny rehetra sy ny fampandrosoana maharitra ;_**
*Ity hetaheta iray ity dia mirona amin'ny fahombiazana eo amin'ny kalitaon'ny fiainana, ny fivoaran'ny rehetra, ny asa na ny famokarana ara-pambolena, ny fambolena maoderina ary ny fampiasana ny toekarena manga ho an'ny fivoaran'i Afrika sy ny bioteknolojia an-dranomasina sy an-dranomamy.*

**Hetaheta 2:**
**_Kaontinanta mitambatra, miray hina amin'ny lafiny politika ary miorina eo amin'ireo idealin'ny Pan-Afrikanisma sy ny vinan'ny fanavaozana faobe an'i Afrika._**
*Tanjona amin'izany ny fanatsarana ny fotodrafitrasa, ny fanamorana ny fifanakalozana ary ny fanitarana ny fifaneraserana ara-barotra afrikanina.*

### d. Laharampahamehana

Ny anankiray amin'ireo laharam-pahamehan'ny Fandaharan'asa 2063 dia mahakasika manokana ny momba ny sehatry ny fiompiana trondro, dia ny fanamafisana sy fanavaozana ny sehatry ny fambolena ao Afrika sy ireo indostria misehatra eo amin'ny lafiny ara-tsakafo amin'ny alàlan'ny sandany sy ny taham-pamokarany.

Ity laharam-pahamehana ity dia mikendry ny hanafoana ny hanoanana sy ny tsy fanjarian-tsakafo ; ny hampihenana ny fanafarana sakafo ; ny hampandrosoana ny varotra anatiny amin'ny tsenaafrikanina eo amin'ny fambolena sy ny vokatra ara-tsakafo ; ny hamporisihana ny fampidirana ny rafi-pambolena maoderina, ny fampiofanana sy ireo fomba fampiasana ny teknolojia ; ny hamolavolana sy hampiharana ireo politika isan-karazany ; ary ny hanetsiketsehana ny fanamorana ny fahazoan'ny vehivavy tany sy fitaovana ilainy ary ny fahazoan'izy ireo fara-faha-keliny ny 30% amin'ny famatsiam-bola ara-pambolena ; ary koa ny fanamafisana ny fahefahana ara-toe-karena ho an'ny vehivavy sy ny tanora amin'ny alalan'ny fampiasam-bola.

- **Ny Paikady sy ny drafitr'asa ho an'ny fiompiana trondro eo anivon'ny SADC**

### a. Fampahafantarana

Ny fiompiana trondro dia tena azo antenaina hitondra tombony lehibe tokoa eo amin'ny lafiny ara-tsosialy sy ara-toekarena, saingy mbola tsy voatrandraka tsara. I Madagasikara sy ny firenena mpikambana efatra ambin'ny folo hafa (Angola, Botswana, Repoblika Demokratikan'i Congo, Lesotho, Malawi, «Maurice», Mozambika, Namibia, Seychelles, Afrika Atsimo, Swaziland, Tanzania, Zambia ary Zimbaboe) no isan'ny manatanteraka ity paika ity.

Ity paikady ity dia mahakasika ny jono an-dranomasina, an-dranomamy sy an-drano matsaboka ary koa ny fiompiana trondro. Ity paikady ity dia manome fahafahana

hampitombo ny famokarana, hampivelatra ny tsena eo amin'ny sehatra afrikanina sy iraisam-pirenena, hamolavola teknolojia vaovao, hahazo anjara amin'ireo loharanon-karena iraisam-pirenena, hampita fahalalana sy haitao ara-teknolojia, hamporisika amin'ny fironana amin'ny fampiasam-bolaamin'ny fiompiana trondro, hampiroborobo ny tsena eo an-toerana ho an'ny vokatra fiompiana trondro, hanamafy ny fiaraha-miasa eo amin'ny sehatra tsy miankina sy ny fanjakana mba hahazoana manohana ireo mpisehatra madinika sy salantsalany ary koa ireo orinasa madinika isan-karazany.

### b. Vina

Ho lasa loha-laharana eo amin'ny seha-pamokarana maharitry ny fiompiana trondro ny firenena mpikambana ao amin'ny SADC amin'ny taona 2025. Handray anjara mavitrika amin'ny fivoarana ara-toekarena, ny fanjarian-tsakafo, ny fampihenana ny fahantrana ary ny famoronana asa manerana ny faritra sahaniny rehetra ity fiompiana trondro ity.

### d. Iraka

fiompiana trondro maharitra, afaka mifaninana ary ahitana karazany maro.

### e. Tanjona ankapobeny

Hampitombo ny fandraisan'anjaran'ny fiompiana trondro amin'ny fivoarana ara-toekarena sy ny fampandrosoana ny fifanakalozana ara-barotra.

### f. Tanjona stratejika

Ireto avy ny tanjona ao anatin'ny stratejia :

1. Hampitombo ny famokarana eo amin'ny sehatry ny fiompiana trondro ary koa ny fampiasam-bola amin'ny famokarana ireo akora ilaina amin'ny sehatra ara-barotra ;
2. Hanova ireo toeram-piompiana madinika ho lasa toeram-piompiana / orinasa mandroso ;
3. Hampiroborobo ny fiompiana trondro tompon'andraikitra, ara-drariny ary maharitra hahafahana miady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo eo amin'ny faritry ny SADC ;
4. Hanatsara ny fidirana amin'ny tsena; hampivelatra ny rafi-pamokarana sy ny fampitomboana ny tolotra avy amin'ny sehatry ny fiompiana trondro ;
5. Hahay hiatrika ny fiovaovan'ny toetr'andro sy ny hamolavola fepetra hanalefahana ny fiantraikan'izany fiovana izany ;
6. Hametraka seha-pitantanana manome vahana ny fiaraha-miasa ho an'ny fitantanana mahomby io seha-pihariana io, ary hamorona ivon-toeram-pikarohana sy fampandrosoana, izay handrindra ny fikarohana sy hampihatra ireo fomba fanao tsara sy mahomby

eo amin'ny fiompiana trondro amin'ny faritry ny SADC ;

7 Hampiditra ny sehatry ny fiompiana trondro ao amin'ireo fandaharan'asa ho an'ny fampandrosoana ara-toekarena ;

8 Hijery akaiky ireo olana iraisana.

### g. Ny andraikitr'ireo firenena mpikambana ao amin'ny SADC amin'ny fanatanterahana ny paikady:

Ireto avy no andraikitry ny firenena mpikambana ao anatiny :

- Mampifanaraka ny paikadin'izy ireo eo amin'ny sehatra nasionaly amin'ny paikadi-piompiana trondro eo anivon'ny SADC ;
- Miara-miasa mba hanatrarana ny tanjona ankapoben'ny paikadin'ny SADC ;
- Miantoka ny fahavitrihan'ny mpandray anjara rehetra amin'ny fanatrarana ny tanjona ankapobeny ;
- Miaro ny fitrandrahana ny zavamananaina sy ny loharanon-karena anaty rano rehetra; mametraka sehatra tsara hahafahan'ny fiompiana mivelatra, ary miantoka ny fanamafisana ny fahaiza-manao ho an'ny fitantanana maharitra ireo loharanon-karena ;
- Manatanteraka fampitana fahaiza-manao sy teknolojia eo amin'ny samy mpikambana mba hanatsarana ny fiaraha-miasa ara-tsiansa sy ara-teknolojia ;
- Miara-miasa amin'ny mpiara-miombon'antoka rehetra mifandraika amin'ny sehatra tsy miankina sy ny fiarahamonim-pirenena ;
- Miady ho an'ny fampidirana ny filàn'ny sehatra ho ao amin'ny paikadim-pirenena ;
- Miezaka mametraka ireo fepetra ahafahana manome lanja ny seha-pihariana eo anivon'ny sehatra ambony ao amin'ny Governemanta ;
- Mitady ireo loharanom-bola avy any ivelany, avy amin'ireo mpamatsy vola sy mpiara-miombon'antoka rehetra, hanohanana ny fampiharana io paikady io ;
- Manao tatitra momba ny fandrosoana sy ny fanatrarana ireo tanjona stratejika napetraka isaky ny roa taona.

## B. Ireo raki-kevitra lasitra momba ity seha-pihariana ity eo amin'ny sehatra nasionaly:

Ireto ambany manaraka ireto avy ireo raki-kevitra noraisina ho modely :

- Fandraisana andraikitra ho an'ny fisondrotan'i Madagasikara **(2019-2023) ;**
- Ny politika manga **(hatramin'ny 2025);**

- Fandaharan'asa ho an'ny sehatry ny Fambolena, Fiompiana, Jono/Drafitra fampiasam-bola nasionaly ho an'ny Fambolena, Fiompiana, Jono **(2014-2025)** ;
- Paikady nasionaly ho an'ny fiompiana trondro eto Madagasikara **(2021-2030).**

### Initiative pour l'Emergence de Madagascar

Ity Politika Ankapoben'ny Fanjakana ity dia mametraka ny **Drafitra 2019-2023.**

Mifanaraka amin'ilay vina ho ***«Fananganana firenena manandratra hatrany amin'ny alàlan'ny firaisankinam-pirenena ho an'ny hambom-po sy ny fanasoavan'ny vahoaka Malagasy»*** sy ny hasin'ny fampandrosoana ny firenena ary koa ny fandaharan'asa politika izy. Hisy hetsika sy fandraisana andraikitra hatao ho fanatanterahana izany vina izany amin'ny alàlan'ny fametrahana drafitra sy lamin'asa isan-karazany.

**Ny fironanana amin'io Drafitra io dia mametraka ny**:

- Fitsinjaram-pahefana tena izy ;
- Fanetsiketsehana ny eo an-toerana, sy ny sehatra nasionaly ary iraisam-pirenena amin'ny alàlan'ny fandrindrana ireo rafipamokarana sy ny fandraisana fepetra ara-toekarena, politika na koa fepetra mahasahana sehatra maro samihafa mifampiankina ;
- Fomba fanjifana vaovao sy mitsinjo ny rehetra, ao anatin'izany ny nomerika sy ny famoronana tontolo mety ho an'ny fampiasam-bola ;
- Fandrosoana kokoa mankany amin'ny sehatra tsy miankina sy ny asam-panjakana;
- Fampiasana ny harena olombelona (Habetsaky ny mponina) ;
- Fanomezana lanja ny fanavaozana eo amin'ny dingana rehetra amin'ny fampandrosoana.

**Ny Velirano (13)** dia mipetraka ho toy ny «Fifanarahana-Tanjona» :

1. Ny filaminana sy ny fandriampahalemana, laharampahamehana ;
2. Angovo sy rano fisotro ho an'ny rehetra;
3. Ny ady amin'ny kolikoly ary fitsarana tsy mitanila;
4. Fanabeazana sy kolontsaina ho an'ny rehetra;
5. Fahasalamana ho an'ny rehetra ary tsy asiana fijerena tsokajin-taona;
6. Asa mendrika ho an'ny rehetra;
7. Fampiroboroboana ny indostrian'i Madagasikara;
8. Ny Vehivavy sy tanora;
9. Ny fahavitan-tena ara-tsakafo;
10. Ny fitantanana maharitra ny harena voajanahary;
11. Madagasikara ho lasa maoderina;
12. Ny fahavitan-tena sy ny fampandraisana andraikitra ny Faritany;
13. Ny Fanatanjahantena, lasa hambom-po-pirenena.

Ny fampiharana ireo dia atao amin'ny alàlan'ny sori-dalana stratejika fito izay mirindra manaraka ny laharam-pahamehana. Miorina eo ambonin'ireto fototra lehibe efatra sy fantoka lehibe telo manaraka ireo sori-dalana ireo.

- FOTOTRA LAHARANA VOALOHANY : Fanandratana eo anivon'ny faritra sy ny velaran-tany: ny fanitarana sy fanajariana ny tanàna, ny fotodrafitrasa ary ny fitsinjaram-pahefana ;

- FOTOTRA LAHARANA FAHAROA : Fanandratana ny eo anivon'ny tontolo iainana sy fampandrosoana maharitra ;

- FOTOTRA LAHARANA FAHATELO : Fanandratana ara-toekarena sy fifandraisana iraisam-pirenena ;

- FOTOTRA LAHARANA FAHA-EFATRA: Fanandratana ara-toekarena sy ara-bola ary fifanakalozana ara-barotra eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena;

⇨ **FANTOKA LAHARANA VOALOHANY :** Fanavaozana ny rafi-panabeazana, ny fahaiza-mampiasa ny maha-olona ho herijika, fanatanjahantena sy kolontsaina ;

⇨ **FANTOKA LAHARANA FAHAROA :** Fanavaozana ara-nomerika sy fitondrana tsara tantana : fahombiazana sy fahalavorarian'ny Fanjakana amin'ny fanompoana ny tombontsoam-bahoaka sy ny firenena ;

⇨ **FANTOKA LAHARANA FAHATELO :** fifandanjana ara-tsosialy : fiarovana ara-tsosialy sy zon'olombelona.

## ◆ Ny politika manga

Ny politika manga[4] dia mamaritra ny fiompiana trondro ho asa fiompiana na fikarakarana zava-manan'aina anaty rano toy ny trondro sy ireo loharanon-karena samihafa miaina anaty rano.
Ny fiompiana trondro dia mety hifototra amin'ny sehatra ara-barotra ihany na ko hiompana amin'ny sehatry ny fivelomana koa.

Ireto avy ny tanjon'ny politika manga:

- Ny hampandray anjara mavitrika ny fiompiana trondro amin'ny sehatra nasionaly: sehatra maharitra, ny fandraisana anjara amin'ny fanamafisana ny fahaiza-mitantana, ny fivoarana iraisan'ny rehetra, ny fahaizana mifantina ireo sehatra mamokatra, ny fiaraha-miasa eo amin'ny fanjakana sy ny tsy miankina ;

*4 Raki-kevitra maromaro no iankinan'ny Politika manga:*
- *Eo amin'ny sehatra rezionaly: Ny Rafitra Politika sy Paikady ho amin'ny Fanavaozana ny Jono sy ny Fioimpia-na trondro ao Afrika ary koa ny Fandaharan'asa amin'ny antsipirihany ho Fampandrosoana ny Fambolena sy Fiompiana Afrikanina;*
- *Eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena: Ireo fanekena nataon'i Madagasikara eo amin'ny sehatra iraisam-pire-nena izay hita ao amin'ny Fifanarahan'ny Firenena Mikambana mahakasika ny Lalàna mifehy ny Ranomasina (UNCLOS), sy ny Fehezan-dalàna mba haha-tompon'andraikitra ny fomba fanaovana ny Jono, ary koa ireo fanapahan-kevitra eo anivon'ny Vaomieran'ny Ranomasimbe Indianina sy ny Vaomieran'ny «Thon» amin'ny Ranomasimbe Indianina.*

- Hametraka vina amin'ny alàlan'ny fifantohana amin'ny fanambin'ny seha-piompiana trondro,ka hijery akaiky ireo fepetra ho an'ny fampandrosoana maharitra: ny fahaiza-mitantanana tsara ny toeram-piompiana ary ny loharanon-karena, ny fampitomboana ny vokatra sy ny fisian'ny tolotra eo amin'ny tsena anatiny, ny fivoarana ara-toekarena, ny fanjarian-tsakafo, ny fanomezana vahana ny mangarahara.

Foto-kevitra maromaro no entina amin'ny fampiharana ny politika manga :

**A.** Ny fitandrovana ny harena voajanahary sy ny fitrandrahana azy: ny fitantanana maharitra ny harena anaty rano, ny fampiharana ny fepetra fisorohana, ny fitsinjovana ny fihavaozan'ny zavamanan'aina, ny fametrahana drafitra fanatsarana sy fandrindrana, ny fanaraha-maso sy fampanaraham-penitra ny fitrandrahana ;

**B.** Ny fametrahana fenitra sy lalàna mifehy ny fahazoana mikirakira ny harena voajanahary (fahazahoana fanomezan-dàlana sy fahazoan-dàlana, fametrahana ny fitantanana iombonana an'ireo loharanon-karena sy ny fifanarahana ara-tsosialy) ;

**D.** Ny fahaiza-mitantana ny seha-piahariana amin'ny alalan'ny mangarahara (komity filan-kevitra, fandraisana andraikitra sy famoahana fanapahan-kevitra), sampana sy fandraisana anjara ;

**E.** Ny fankatoavana ny fitantana iombonana an'ireo loharanon-karena ;

**F.** Ny fanaovana ho laharam-pahamehana ny hetsika sy ny seha-pihariana isan-tsokajiny.

Nozaraina ho laharam-pahamehana sy asamaromaro ao amin'ny Programan'asa ho an'ny Sehatry ny Jono, ny Fambolena sy ny Fiompiana (PSAEP) ny Politika manga, ary nadika ho lasa tetibola ao amin'ny Drafitra Nasionaly ny Fampiasam-bola ho an'ny Fambolena,ny Fiompiana ary ny Jono (PNIAEP).

## ◆ Programan'asa ho an'ny Sehatry ny Jono, ny Fambolena sy ny Fiompiana (PSAEP) Drafitra Nasionaly ny Fampiasam-bola ho an'ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Jono (PNIAEP)

Rehefa nojerena ireo Raki-kevitra toa ny Fandaharanasam-pirenena ho an'ny Fampandrosoana sy ny Drafi-panatanterahana azy nanomboka ny fiandohan'ny taona 2015, ny Taratasy ho an'ny Politikan'ny Fambolena, Fiompiana ary ny Jono, ny Politika ankapoben'ny Fanjakana, ny Fandaharan'asa ho an'ny Sehatry ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Jono na PSAEP mifandraika amin'ny «vina 2025», dia misy raki-kevitra iray novolavolaina mba mamehy azy ireo.

Ho fampiharana ny PSAEP dia natsangana ny Drafitra Nasionaly ny Fampiasam-bola ho an'ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny

Jono na PNIAEP izay mandrakotra ihany koa ny lafiny tetibolan'ny PSAEP.

**Ny PSAEP/PNIAEP dia ahitana :**

- Ny maridrefy famantarana ;
- Ny laharam-pahamehana ;
- Ny tetibola ilaina amin'ny tsirairay amin'ireo fidirana an-tsehatra ireo.

**Ny PSAEP/PNIAEP dia manolotra :**

- Fampifanarahana amin'ny politikam-panjakana sy ny fiarovana ;
- Fahazoana famatsiam-bola ilaina amin'ny fampandrosoana ilay seha-pihariana ;
- Fandraisan'anjaran'ny Fanjakana amin'ny alàlan'ny PIP ;
- Fandraisan'anjara eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

**Amin'io lafiny io, ny PSAEP dia mametraka fanamby amin'ny :**

i. fanetsiketsehana ny mpisehatra amin'ny fampandraisana anjara ny rehetra sy ny fijerena akaiky ny elanelan-tany amin'ny alàlan'ny fitsinjaram-pahefana sy ny fomba fametrahana lamin'asa,
ii. ny fitandroana ny zava-bita sy azo ary koa ny fanetsiketsehana indray ilay seha-pihariana,
iii. ny fivoaran'ny fambolena,
iv. ny fanatsarana ny fampiasana ny loharanon-karena mba hisy fiantraikany amin'ny mponina,
v. ny fisian'ny vokatra hatrany, ny fahafahany miditra sy ny mifaninana eo amin'ny tsena anatiny sy ivelany,
vi. ny fahatezàn'ny rafi-pamokarana ara-pambolenamanoloana fiovaovan'ny toetr'andro ary manome vahana ny fomba fambolena maharitra.

Fandaharan'asa dimy lehibe no mampihatra ny PSAEP/PNIAEP. Ireo fandaharan'asa ireo dia mahakasika ny:

❶ ny fitrandrahana ny toeram-pamokarana rehetra,

❷ ny fampitomboana ny famokarana sy ny fampiroboroboana ny rafi-pamokarana,

❸ ny fanjarian-tsakafo ary ny fampihenana ny loza mety ateraky tsy fahatomombanan'izany eo amin'ny vondron'olona marefo,

❹ ny fidirana amin'ny tsenam-pirenena sy iraisam-pirenena ary ny fanatsarana ny Fitantanana sy fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny mpisehatra rehetra.

## ◆ Paikady nasionaly ho fampandrosoana ny fampamokarana ny atirano eto Madagasikara (Stratégie Nationale de l'Aquaculture à Madagascar)

Haharitra folo taona ity paikady vaovao ity. Ny andrasana amin'ity paikady, eo amin'ny sehatry ny fiompiana trondro, dia: ny fanatsarana ny fidiram-bolan'ny vondrom-piarahamonina any amin'ny faritra mety amin'ny asa fiompiana trondro, ny famoronana asa, ny fahafahana mamaly ireo filàn'ny mpanjifa vokatra, ny fandraisana anjara amin'ny fanatsarana ny fanjarian-tsakafo ho an'ireo mponina marefo ary ny fandraisana anjara amin'ny fampandrosoana ara-teknolojika.

## 4. Tetikadim-pitantanana sy ireo lalana mifehy ny fiompiana trondro eto madagasikara

Ireo **fehikevitra** anatin'ny paikady dia mifototra amin'ny :

1. Fanamafisana ny anjara andraikitra iraisan'ny sehatra ara-panjakana sy ny tsy miankina amin'ny fizotry ny fampandrosoana ny fampamokarana ny atirano
2. Famaritana ireo faritra manana otrikery lehibe amin'ny fampamokarana ny atirano
3. Fampifanarahana ny fomba fiasa arakaraka ny tanjona sy ireo mpahazo tombontsoa
4. Famaritana ny drafitra mifandraika amin'ny fanapariahana ny fampamokarana ny atirano arakaraka ny seha-pihariana
5. Famolavolana modely ho an'ny fampandrosoana mifototra amin'ny fifandraisana misy eo amin'ny mpitantana ara-panjakana, ny fikarohana, ny sehatra tsy miankina ary ny fiarahamonim-pirenena
6. Fandraisana an-tanana ny lafiny tontolo iainana sy ny loza mety hitranga mifandraika amin'ny fiovaovan'ny toetrandro sy ny fiahiam-potopiainana

Ny Paikady nasionaly ho fampandrosoana ny fampamokarana ny atirano eto Madagasikara 2021 dia manaraka **Fantoka** telo lehibe :

- ⇨ **Fantoka 1 :** Famoronana ny fepetra ilaina amin'ny fampivelarana ny fandraisana andraikitra manokana ireo mpamokatra tsy miankina anaty rano.
- ⇨ **Fantoka 2 :** Fananganana tolotra fanohanana mifandraika amin'ny fampandrosoana ny fiompiana anaty rano.
- ⇨ **Fantoka 3 :** Fanatsarana ny fitantanana eo amin'ny sehatry ny fampamokarana ny atirano.

Ny Vondronketsika rehetra dia mifandray amin'ny fantoka tsirairay :

**Vondronketsika 1 :**

1. Fanapahan-kevitra sy fifandraisana manodidina ny rafitra famokarana mifandraika
2. Fananganana tontolo ahafahana manatsara ny fisian'ny sakafo tsy tapaka ary manaraka ny fenitra ara-kalitao sy mamaly ny filan'ny tsena
3. Fananganana tontolo ahafahana mamokatra masomboly manara-penitra sy ny mamaly ny filan'ny tsena
4. Fampiroboroboana ny fahazoana fitaovana famokarana manara-penitra sy mamaly ny filan'ny tsena
5. Fanatsarana ny fahazoana mamatsy vola ireo mpandraharaha ara-toekarena nasionaly amin'ny seha-pihariana ny fiompiana anaty rano.

**Vondronketsika 2 :**

1. Fametrahana rafitra fanapariahana tsara sy maharitra ho an'ny fampamokarana ny atirano
2. Fananganana rafi-pikarohana momba ny fampamokarana ny atirano mifanaraka amin'ny filan'ny fampandrosoana
3. Fananganana rafitra fiofanana arak'asa mifanaraka amin'ny filan'ny fiompiana anaty rano sy ny seha-pihariana.

**Vondronketsika 3 :**

1. Famolavolana ireo seha-pihariana
2. Rafitra ara-dalàna sy lalàna momba ny fampamokarana ny atirano
3. Fiarovana ny tombotsoan'ny sehatry ny fampamokarana ny atirano amin'ny politikam-panjakana
4. Fiaraha-miasa isam-paritra sy iraisam-pirenena.

### ◆ Drafitra fampandrosoana ny Fampamokarana ny atiranomamy sy rano matsaboka eto Madagasikara (PDACM)

Mifanindran-dalana amin'ny fametrahana ny Paikady nasionaly ho fampandrosoana ny fampamokarana ny atirano eto Madagasikara no namolavolana ihany koa ireo drafitra fampandrosoana maromaro mba hanatrarana ireo tanjon'ny paikady. Anisan'ireo drafi-pampandrosoana ireo ny drafitra izay misahana manokana ny fampamokarana ny atiranomamy sy rano matsaboka. Ny drafitra dia vokatry ny fifampidinihana teo amin'ireo mpisehatra voakasika amin'ny fiompiana trondro an-tanety sy ny Minisiteran'ny Jono sy ny Toekarena Manga. Ny drafitra dia nomanina sy nanaovana tetibola.

Ahitana sori-dalana stratejika telo ity drafitra fampandrosoana ity. Ny sori-dalana tsirairay dia mizara ho asa laharam-pahamehana maro izay mbola mizarazara ho asa maromaro hafa ihany koa. Ny tsirairay amin'ireo asa laharam-pahamehana ireo dia manana mari-drefy. Nandritry ny  atrikasa nasionaly tamin'ny volana martsa 2022 no nankatoavana io raki-kevitra io.

Komity mpitantana iray sy komity teknika iray no mandrafitra ny komity mpanara-maso sy mpanome fankatoavana ny drafitra. Araka izany, ny komity mpitantana no miandraikitra ny fandrindrana ny fanatanterahana ny drafi-pampandrosoana/fandraisan'anjara amin'ny komity teknika/fandaminana ny fivoriana fanao isan-taona na isaky ny enim-bolana miaraka amin'ny komity teknika/fanangonana sy famakafakana ny antotan-kevitra/fanangonana sy famakafakana ireo fanarahana ny mari-drefy ary ny komity teknika no mitana ny andraikitry ny fanohanana ara-teknika ny komity mpitantana/fanoroana ara-teknika sy ara-toekarena/fanombatombanana ny olan'ny sehatra tsy miankina/fikarohana sy fanofanana/fandraisan'anjara amin'ny fanangonana antotan-kevitra sy tarehimarika, amin'ny fanavaozana ny Paikady nasionaly ho fampandrosoana ny fampamokarana ny atirano eto Madagasikara ary koa ny fanavaozana ireo drafitra fampandrosoana.

**Fanamarihana :**

Misy drafitry ny fampandrosoana telo (ankoatry ny makasika ny fampamokarana ny atiranomamy sy rano matsaboka eto Madagasikara) izay napetraka taorian'ny famolavolana ny Paikady nasionaly ho an'ny Fiompiana trondro eto Madagasikara. Ireo drafitra ireo dia miompana amin'ny fiompiana Zanga, ny fambolena Lomotra ary ny fiompiana Drakaka. Haharitra dimy (5) taona (isaky ny Drafitra) ny fanatanterahana ny asa.

› **Ny Drafitry ny fampandrosoana ny fiompiana Zanga dia ahitana Fantoka 3:**

Ny Fantoka voalohany dia mahakasika ny famoronana ny fepetra ilaina amin'ny fampivelarana ny fandraisana andraikitra manokana ireo mpiompy anaty rano tsy miankina, anisan'izany ny fifandraisan'ny tontolon'ny asa ka mizara ho hetsika maromaro: ny fananganana sarintany ny faritra manana otrikery amin'ny fanalebiazana, ny fahafaha-miompy tanteraka araka ny maodelin'ny famokarana (Hetsika 1), fakana ny lisitra sy fanasokajiana ireo hairaha famokarana sy maodely famokarana (Hetsika 2), ny fanamorana ny fahazoana fitaovana maharitra sy ara-kalitao (Hetsika 3), ary ny fampiroboroboana toerana famokarana zanaka zanga (Hetsika 4).

Ny Fantoka faharoa dia momba ny fananganana tolotra fanohanana mifandraika amin'ny fampandrosoana ny fampamokarana ny atirano. Ireto avy no Hetsika ao anatiny :  ny fanamafisana ny rafitry ny fiofanana sy ny fanohanana ara-teknikaireo ivon-toeram-pikarohana sy ny ny teknisian'ny minisitera (Hetsika 1), ny fananganana sehatra fifanakalozana «zanga» (Hetsika 2), ny fampiroboroboana ny programa fikarohana sy ny fampandrosoana ny fiompiana zanga (Hetsika 3) ary ny fananganana ivon-toerana fampiharana (Hetsika 4).

Ny Fantoka fahatelo dia miompana amin'ny fanatsarana ny fitantanana eo amin'ny sehatry ny fampamokarana ny atirano. Ahitana ireto Hetsika ireto ity Fantoka ity: ny fampifanarahana ny lalana mahakasika fanjonoana sy ny fiompiana zanga (Hetsika 1), ny fampiharana ny rafitra ara-dalana vaovao mifandraika amin'ny asa fanjonoana sy ny fiompiana zanga (ao anatin'ny 4 taona farany) (Hetsika 2), ny fananganana fitaovam-pitantanana sy fanampiana ara-teknika sahaza azy amin'ny fampandrosoana sy fanaraha-maso ary fanombanana ny seha-pihariana (Hetsika 3) ary ny fananganana torolalana mba hampihenana ny halatra lomotra sy ny fitaovana ary hahafahana manara-maso ireo mpandraharaha tsy ara-drariny / tsy ara-dalana (Hetsika 4).

- **Ny Drafitry ny fampandrosoana ny fambolena Lomotra dia misy Fantoka 3 :**

  Ny Fantoka voalohany dia momba ny famoronana ny fepetra ilaina amin'ny fampivelarana ny fandraisana andraikitra manokana ireo mpamboly anaty rano tsy miankina, anisan'izany ny fifandraisan'ny tontolon'ny asa. Ireto avy ny Hetsika ao anatiny : ny fananganana sarintany ny faritra manana otrikery amin'ny fanalebiazana, ny fahafaha-miompy tanteraka araka ny maodelin'ny famokarana (Hetsika 1), ny fakana ny listra sy fanasokajiana ireo karazana lomotra mety eto Madagasikara (Hetsika 2), ny fanamorana ny fahazoana fitaovana maharitra sy ara-kalitao (Hetsika 3) ary ny fandraiketana sy fanohanana ireo matihanina mamokatra karazana (Hetsika 4).

  Ny Fantoka faharoa dia mahakasika ny fananganana tolotra fanohanana mifandraika amin'ny fampandrosoana ny fampamokarana ny atirano ka miompana amin'ny fanamafisana ny rafitry ny fiofanana sy ny fanohanana ara-teknika ireo ivon-toeram-pikarohana sy ny ny teknisian'ny minisitera (Hetsika 1), ny fananganana sehatra nasionaly fifanakalozana «Lomotra (Hetsika 2), ny fampiroboroboana ny programa fikarohana sy ny fampandrosoana ny fambolena lomotra (Hetsika 3) ary ny fananganana ivon-toerana fampiharana (Hetsika 4).

  Ny Fantoka 3 dia miompana amin'ny fanatsarana ny fitantanana eo amin'ny sehatry ny fampamokarana ny atirano ka mizara ho hetsika maro toy ny fanavaozana ny lalàna momba ny fampamokarana ny atirano ho an'ny seha-pihariana famokarana lomotra (Hetsika 1), ny fametrahana fitaovam-pitantanana sy ny fanohanana ara-teknika sahaza ho an'ny fampandrosoana sy ny fanaraha-maso ary fanombanana ny seha-pihariana (Hetsika 2), ny fananganana torolalana mba hampihenana ny halatra lomotra sy ny fitaovana ary hahafahana manara-maso ireo mpandraharaha tsy ara-drariny / tsy ara-dalana (Hetsika 3).

- **Ny Drafitry ny fampandrosoana ny fiompiana Drakaka dia ahitana Fantoka 3:**

  Ny Fantoka 1 «Famoronana ny fepetra ilaina amin'ny fampivelarana ny fandraisana andraikitra manokana ireo mpiompy anaty rano tsy miankina, anisan'izany ny fifandraisan'ny tontolon'ny asa» dia miompana amin'ny Fananganana sarintany ny faritra manana otrikery amin'ny fanalebiazana sy fanatavezana eny amoron-tsiraka (hetsika 1), Fakana ny listra sy fanasokajiana ireo hairaha famokarana (fiompiana feno ho an'ny drakaka tapatapaka, drakaka mihofo malemy, fanatavezana, sns) sy maodely famokarana (hetsika 2), Fanamorana ny fahazoana fitaovana maharitra sy ara-kalitao (hetsika 3), Fampiroboroboana toerana famokarana zanaka drakaka ho an'ny faritra famokarana vaovao (mba hiantohana ny famatsiana zanaka drakaka) (hetsika 4).

Ny Fantoka 2 «Fananganana tolotra fanohanana mifandraika amin'ny fampandrosoana ny fampamokarana ny atirano» dia mahakasika ny Fanamafisana ny rafitry ny fiofanana sy ny fanohanana ara-teknika ireo ivon-toeram-pikarohana sy ny ny teknisian'ny minisitera (hetsika 1), Fanohanana ara-barotra (fanamafisana ny rafitry ny fampahalalana) ary fanomezana lanja ny drakaka avy amin'ny fanangonana (jono) (hetsika 2), Fampiroboroboana ny programa fikarohana sy ny fampandrosoana ny fiompiana drakaka (hetsika 3).

Ny Fantoka 3 «Fanatsarana ny fitantanana eo amin'ny sehatry ny fampamokarana ny atirano» dia momba ny Fampifanarahana ny lalana mahakasika fanjonoana sy ny fiompiana drakaka (fanatavezana) (hetsika 1), Fampiharana ny lalàna (ao anatin'ny 4 taona farany) (hetsika 2) ary ny Fanamafisana ny fanohanana ny fitantanana amin'ny alàlan'ny fananganana fitaovam-pitantanana sy fanampiana ara-teknika ho an'ny sehapihariana (hetsika 3).

# 4.2 Lalàna sy fitsipika mifehy ny fiompiana trondro eto Madagasikara



*Nahitana fivoarany ny rafi-dalàna mifehy ny sehatry ny fiompiana trondro tao anelanelan'ny fotoana nivoahan'ny Didy hitsi-volana laharana faha 93-022 tamin'ny 4 mey 1993, mifehy ny jono sy ny fiompiana trondro ka hatramin'ny fotoana nivoahan'ny lalàna laharana faha 2015-053 tamin'ny 16 desambra 2015, momba ny Fehezan-dalàna mifehy ny jono sy ny fiompiana trondro.*

*Raha ny tena marina dia ny hifehezana ny mahakasika ny fanaovana asa fiompiana trondro mihitsy no antony nandrafetana io didy hitsi-volana tamin'ny 1993 io. Na dia izany aza anefa dia mibahana kokoa ao ny mahakasika ny jono. Fepetra vitsivitsy no mahakasika ny fiompiana trondro ao dia: ny fitakiana fahazoan-dalana ho an'ireo fitrandrahana rehetra kasaina hatao eny amin'ny tanim-panjakana, ary koa ny tokony hananana taratasy fanamarinana ny fiavian'ny vokatra sy ny maha ara-pahasalamana azy (certificat d'origine et de salubrité) ho an'ny fanondranana vokatra avy amin'ny fiompiana trondro.*

*Amin'ny lafiny iray kosa anefa dia hita taratra ao amin'io fehezan-dalàna io ny foto-kevitra te hametraka fampandrosoana maharitra sy ny finiavana te hanitatra ny rafi-dalàna hahasahana izay rehetra mombamomba ny jono sy ny fiompiana trondro. Tanisainy amin'ny antsipiriany kokoa ny andinin-dalàna mahakasika ny karazana fiompiana trondro, ny asa fiompiana trondro ary ny sazy tandrify ny fandikan-dalàna isan-karazany.*

*Zava-dehibe ny fitadidiana ireto teboka manan-danja manaraka ireto, izay hita ao amin'ny lalàna  2015-053 : manan-karena ara-kevitra sy famaritana voambolana  io lalàna io, ary mitondra fanazavana ampy tsara mahakasika ireo fepetra rehetra tsy voalaza tamin'ilay didy hitsi-volana 1993 teo aloha. Nisy fametrahana didy fampiharana maromaro ihany koa taorian'ny fivoahan'ny lalàna 2015-053 (komity filan-kevitra, drafi-panajariana, sns.).*

*Nandalo fanavaozana voalohany io lalàna lasitra io tamin'ny taona 2018. Hatsaraina amin'ny alàlan'ireo didy fampiharana ireo (efa mihatra na mbola eo andalam-pamolavolana sy fankatoavana) sy ny fametrahana stratejia iorenan'ny sehatra fiompiana trondro, ilay rafi-dalàna.*

Ity fizarana ity dia hiresaka momba ireto lohahevitra manaraka ireto : ny fiompiana trondro, ny fifanakalozana syfivarotana ny vokatra avy amin'ny fiompiana trondro, ary koa ireo lohahevitra mifandray amin'ny fiompiana trondro (fahasalamana, fahadiovana, sakafo sy hanampamokarana, komity teknika Tilapia tokam-pananahana na «monosexe», fiompiana trondro amin'ny fefy mitsingevana, fampidirana foto-tarazo vaovao sy fitrandrahana ny amalona eto Madagasikara).

## LALÀNA

| | | Tenin-tsivana |
|---|---|---|
| 1 | Lalàna laharana faha 2017-048 tamin'ny 08 febroary 2018 mifehy ny maha ara-pahasalamana ny sakafo sy ny sakafo voatokana ho an'ny biby | Ny fotokevi-dehibe, ny fivezivezen'ny sakafo, ny fiarovana ny mpanjifa, ny mangarahara, ny andraikitry ny mpandraharaha |
| 2 | Lalàna laharana faha 2015-053 tamin'ny 03 febroary 2016 mikasika ny Fehezan-dalàna momba ny Jono sy ny Fiompiana trondro ary ny lalàna laharana 2018-026 tamin'ny 26 desambra 2018 izay nanavao ny Fehezan-dalàna mifehy ny Jono sy ny fampamokarana ny atirano. | Lalàna fototra, ny fampamokarana ny atirano, ny fitantanana maharitra, ny fomba fiompiana trondro, ny fitrandrahana, ny faharetana, ny drafi-pampandrosoana ny fiompiana trondro, ny fiaraha-mitantana ara-drariny sy mangarahara ny faritra, ny fandikan-dalàna. |
| 3 | Lalàna laharana faha 2015-003 tamin'ny 20 Janoary 2015 momba ny Satan'ny Tontolo Iainana Malagasy. | Momba ny fampidirana foto-tarazo vaovao |
| 4 | Lalàna laharana faha 2006-030 tamin'ny 24 novambra 2006 mikasika ny fiompiana eto Madagasikara | Akora fototra, toeram-pamokarana sakafo ho an'ny biby, fanondranana, fanafarana |
| 5 | Lalàna laharana faha 2001-004 tamin'ny 25 Oktobra 2001 momba ny fitsipika ankapoben'ny Dina | Fifanarahana iombonana, fandrafetana, fananganana, fankatoavana, komity mpanatanteraka. |
| 6 | Fehezan-dalàna famaizana navoaka tao amin'ny Gazety ofisialy faha 240 tamin'ny 7 septambra 1962 pejy 1766 ary nohavaozina tamin'ny 31 martsa 2005 | Ny halatra sy ny fikasana hangalatra trondro ao anaty dobo na fitahirizana azy, sazy. |

## DIDY FAMPANARAHAN-DALÀNA • DIDIM-PANJAKANA

| | | Tenin-tsivana |
|---|---|---|
| 7 | Didim-panjakana laharana faha 2017-532 tamin'ny 24 jolay 2017 momba ny fandaminana amin'ny ankapobeny ny hetsika ara-barotra sy ny fitrandrahana ny vokatra jono sy fampamokarana ny atirano. | Fanangonana vokatra, ny adidin'ny mpanangom-bokatra, ny adidin'ny mpivarotra ambongadiny, fivarotana ny vokatra sy ny akora avy amin'ny fampamokarana ny atirano, ny fametrahana fanodinana sy ny fivarotana. |

| | | |
|---|---|---|
| 8 | Didim-panjakana laharana faha 2016-1493, tamin'ny 12 janoary 2017, mifehy ny asa fampamokarana ny atirano | Lahatsoratra ho fampiharana ny lalàna fototra, ny fampandrosoana sy ny fitantanana ny fampamokarana ny atirano, ny Filankevitra momba ny fitantanana ny fampamokarana ny atirano, ny fepetra amin'ny fanaovana asa fampamokarana ny atirano. |
| 9 | Didim-panjakana laharana faha 2005-375 tamin'ny 25 jona 2005 namoronana ny Mpiandraikitra ny tsipika ara-pahasalamana momba ny jono. | Rafitra nasionaly, fandinihana ny loza mety hateraky ny sakafo, ireo iraky ny mpiandraikitra. |
| 10 | Didim-panjakana laharana faha-2004-167 tamin'ny 3 Febroary 2004 manitsy ny sasany amin'ireo fepetra ao amin'ny didim-panjakana laharana faha-99-954 tamin'ny 15 Desambra 1999 mikasika ny fampifanarahana ny fampiasam-bola amin'ny tontolo iainana. | Fanadihadiana momba ny fiantraikan'ny fampiasam-bola eo amin'ny tontolo iainana, programa mametraka fanamby hitandrovana an'ny tontolo iainana. |
| 11 | Didim-panjakana laharana faha 2004-041 tamin'ny 20 janoary 2004 mametraka ny fepetra mihatra amin'ny fanafarana sy fanondranana biby, vokatra ary sakafo avy amin'ny biby, voa sy sakafo hafa natao ho an'ny biby fiompy. | Milaza momba ny fanafarana karazana biby ivelan'ny Madagasikara sy ny fanondranana ireo karazam-biby atahorana ho lany tamingana. |

**DIDY FAMPANARAHAN-DALÀNA • DIDIM-PITONDRANA**

| | | Tenin-tsivana |
|---|---|---|
| 12 | Didim-pitondrana laharana faha 9037/2020 tamin'ny 14 mey 2020 mamaritra ny fepetra sy ny fomba famoahana ny karatry ny mpiompy trondro an-dranomamy. | Ny Karatry ny mpiompy trondro, ny fidirana eo amin'ny sehatra matihanina, ny fanomezan-dàlana ho an'ny fiompiana trondro. |
| 13 | Didim-pitondrana laharana faha 18598/2018 tamin'ny 24 jolay 2018 mikasika ny fitantanana sy fitrandrahana amalona eto Madagasikara | Ny toera-pitrandrahana, zanaka amalona,  sy ny fiarovana amin'ny aretina. |
| 14 | Didim-pitondrana laharana faha 17927/2018 tamin'ny 11 Jolay 2018 mikasika ny fankatoavanamanaraka ny fenitra ara-pahasalamana (zoosanitaire) ny toeram-piompiana miompy sy/na mitahiry biby miaina anaty rano ary koa ny toeram-panodinana manao asa famonoana biby fiompy anaty rano ho an'ny ady amin'ny aretina. | Fankatoavana, adidy, famonoana noho ny aretina, fanaraha-maso ary fampitsaharana ny asa. |

| | | |
|---|---|---|
| 15 | Ny didim-pitondrana laharana faha-3925/2018 tamin'ny 20 febroary 2018 mifehy ny asa fiompiana trondro anaty fefy mitsingevana sy ireo fotodrafitrasany amin'ny faritra misy ranomamy sy rano matsaboka an'ny Fanjakana «domaines publics continentaux de l'Etat» | Ny fanasokajiana ny fitrandrahana, ny fanomezan-dàlana, ireo adidin'ny mpandraharaha. |
| 16 | Didim-pitondrana laharana faha 3924/2018 tamin'ny 20 febroary 2018 mikasika ny fanangonana sy fitaterana ireo vokatry ny fampamokarana ny atirano. | Fanangonana vokatra, fahazoan-dàlana hitatitra, fahazoan-dàlana hanangona. |
| 17 | Didim-pitondrana laharana faha 29214/2017 tamin'ny 28 Novambra 2017 mametraka ny fepetra sy ny fomba hahazoana alalana hanokafana toeram-pivarotana vokatra sy akora avy amin'ny jono sy fampamokarana ny atirano, natao ho hanin'olombelona. | Ny fomba hahazoana azy, ny fe-potoana maha-ara-dalàna ny fanomezan-dàlana, ny fanavaozana azy. |
| 18 | Didim-pitondrana iraisan'ny ministera laharana faha 22914-2004 tamin'ny 6 desambra 2004 mikasika ny fanaganana komity teknika ho an'ny Tilapia tokam-pananahana | Fikarohana, fampianarana,serasera,sy fizarana vaovao, mpikambana ao amin'ny komity |
| 19 | Didim-pitondrana laharana faha 5321-2002/ MAEP/SEPRH tamin'ny 17 oktrobra 2002, mikasika ny fananganana toerana famokarana sy fivarotana zana-trondro sy trondro. | Fanomezan-dàlana, taratasy fanamarinana. |
| 20 | Didim-pitondrana laharana faha 8333-2001 mifehy ny fepetra momba ny fahadiovana azo ampiharina amin'ny toerana natokana ho an'ny fanomanana, fanodinana, famolavolana, fitehirizana na fizarana sakafom-biby na sakafo avy amin'ny biby natao ho an'ny tsena eto an-toerana. | Toerana voatokana, fitaovana, famatsian-drano, mpiasa, toeram-pitahirizana |

| FANAPAHAKEVI-PITANTANANA • FANAPAHAN-KEVITRY NY MINISTERA | | |
|---|---|---|
| | | **Tenin-tsivana** |
| 21 | Fanapahan-kevitra laharana faha 277/2022/ MMPEB/Mi mametraka ny komity teknika ho an'ny fampiroboroboana ny fiompiana sy ny zavamananaina anaty rano tokam-pananahana (monosexe). | Mpikambana ao amin'ny komity, fe-potoam-piasana, andraikitry ny komity. |

*Fafana 2 : Didy aman-dalàna sy fanapaha-kevitra mahakasika ny fampamokarana ny atirano eto Madagasikarar*

## 4.2.1 Hetsika/fitrandrahana ny fiompiana trondro

Ireo didy aman-dalàna mifehy azy :

- **Lalàna laharana faha 2015-053 tamin'ny 03/02/2016 momba ny Fehezan-dalàna mifehy ny Jono sy ny fampamokarana ny atirano ary ary ny lalàna laharana faha 2018-026 tamin'ny 26 desambra 2018 manitsy ny Fehezan-dalàna mifehy ny Jono sy ny fampamokarana ny atirano ary ;**
- **Didim-panjakana laharana faha 2016-1493 tamin'ny 4 Novambra 2016 mifehy ny asa fampamokarana ny atirano ;**
- **Didim-panjakana laharana faha 2004-167 tamin'ny 3 febroary 2004 Manitsy ny sasantsasany voalazan'ny Didim-panjakana laharana faha 99-954 tamin'ny 15 desambra 1999 mikasika ny fampifanarahana ny Fampiasam-bola amin'ny Tontolo iainana ;**
- **Didim-panjakana laharana faha 99-954 tamin'ny 15 desambra 1999 mikasika ny fampifanarahana ny Fampiasam-bola amin'ny Tontolo iainana.**
- **Didim-pitondrana laharana faha-5321-2002/MAEP/SEPRH  tamin'ny 17 oktobra 2002 mikasika ny  fananganana toerana famokarana sy fivarotana  zana-trondro sy trondro.**

### 4.2.1.1 Ireo Rafi-pamokarana

Ny lalàna fototra tamin'ny taona 2015 dia manome fanasokajiana arakaraka ny rafi-pamokarana («extensif, semi-extensif sy intensif») ary koa araka ny karazana fampamokarana ny atirano tahaky ny fampamokarana ny atirano hamelomantena ivelomana ; fampamokarana ny atyrano mitodika amin'ny tsena ary ny fampamokarana ny aty rano siantifika.

**Fampamokarana ny atirano vokatra betsaka :** fomba famokarana zava-miaina anaty rano ahitana:
- hakitroka ambony ;
- fanaraha-maso entitra ;
- teknolojia avo lenta ;
- fanomezana sakafo ;
- fiovana na fahazoan-drivotra mitohy ny rano amin'ny famokarana anaty rano.

**Famokarana anaty rano antoniny:** fomba famokarana zava-miaina anaty rano fantatra amin'ny  alalan'ny:
- fhakitroka antonony, fanaraha-maso kely ;
- zana-trondro azo avy amin'ny toerana voara-maso ;
- fitondrana sakafo ankoatra ireo vokatra voajanahary ao amin'ilay toerana ;
- solon-drano na fahazoan-drivotra mitohy ny rano amin'ny famokarana anaty rano.

**Famokarana anaty rano ambany :** fomba famokarana zava-miaina anaty rano fantatra amin'ny :
- hakitroka ambany ;
- tsy fampian'ny fanaraha-maso ;
- ny teknolojia tsotra ;
- tsy fanomezana ny sakafo ho an'ny karazam-biby.

### 4.2.1.2 Ireo tanjon'ny fitrandrahana

Miankina amin'ny tanjon'ny fitrandrahana no namaritana ny mampiavaka ny famokarana ny atirano natao ho foto-pivelomana, ny famokarana ny atirano natao ho an'ny sehatra ara-barotra ary koa ny famokarana ny atirano natao ho an'ny sehatra siantifika.

**Famokarana ny atirano natao ho foto-pivelomana :** Ny asa famokarana zavamananaina anaty rano rehetra ka voatokana hohanin'ny mpamokatra ihany ny vokatra avy amin'izany.

**Famokarana ny atirano natao ho an'ny sehatra ara-barotra :** Ny asa famokarana zavamananaina anaty rano rehetra ka voatokana ho an'ny varotra ihany ny vokatra avy amin'izany.

**Famokarana ny atirano siantifika :** Ny asa fikarohana rehetra, na fanaovana andrana rafitra anankiray, na koa ny fomba arahina amin'ny famokarana zavamananaina anaty rano, ho fanasongadinana foto-tarazo vaovao na koa teknika fiompiana trondro vaovao. Ny sehatry ny fikarohana siantifika amin'ny famokarana ny atirano natao ara-tsiantifika dia voafehin'ny fisian'ny **Fifanarahana iray amin'ireo andrim-pikarohana na toeram-pikarohana sy ny Minisitera misahana ny Jono sy ny Fiompiana trondro.**

**Famokarana ny atirano voatokana :** Ny asa famokarana zavamananaina anaty rano rehetra natao haondranana amin' izy mbola velona ka natokana hohanin'ny olombelona.

Mitaky ny fankatoavan'ny Minisitera misahana ny Jono sy ny Famokarana ny atirano natao hofoto-pivelomana sy ny famokarana ny atirano natao ara-barotra. Ho an'ny famokarana ny atirano natao ho foto-pivelomana, dia tsy maintsy mampandre amin'ny fomba ofisialy ny tompon'andraikitra mahefa izany; ary ho an'ny famokarana ny atirano natao ho an'ny sehatra ara-barotra kosa, dia tsy maintsy mahazo ny fankatoavan'ny Minisitera fa tena mety amin'ny fiompiana tokoa ilay toeram-piompiana voajanahary na ny toeram-piompiana nohajariana manokana ho an'ireo foto-tarazo nosafidiana.

#### 4.2.1.3 Ny fomba fanatanterahana ny asa famokarana ny atirano

Ny lalàna fototra tamin'ny taona 2015 dia manome ireto toromarika fanatanterahana ireto:

**A. Ny fitsongana avy amin'ny tontolo voajanahary:**

**Ny fitsongana avy amin'ny tontolo voajanahary** rehetra dia mitaky **fanomezan-dalana avy amin'ny ministera**[5]. Ireo fitsongana ireo dia mahakasika manokana ny fakàna trondro fakana taranaka, ireo foto-tarazo na koa ireo sakafo.

**B. Ny fanomezan-dàlana hampiasa ny «domaine public» sy ny «domaine privé»:**

Ny fanomezan-dàlana dia mamela ny mpitrandraka hanana **zo manokana hanangana toeram-piompiana trondro amin'ny «domaine public» sy ny «domaine privé»** , izay tsy mbola voatokana ho amin'ny asam-panjakana. Ireo mpandraharaha maniry hampiasa «domaine public» sy ny «domaine privé»tsy mbola voatokana ho amin'ny asam-panjakana, dia tsy maintsy mahazo alàlana avy amin'ny manampahefana tandrify izany.

**Fanomezana alalana amin'ny fipetrahana amin'ny «domaine public»:** fifanekena ara-pitantanana izay omena olana iray hampiasa manokana ampahany voafaritra amin'ny fananam-panjakana «domaine public».

**Tsy fanendrena amin'ny asam-panjakana:** tsy fampiasana ilay tany ho an'ny sampandraharaham-panjakana iray.

**«Domaine public»:** fananam-panjakana ampiasaina ho an'ny tombontsoa ny be-sy-ny-maro. Izany hoe fananana tsy azo ahetsika toa ny tany na trano sy fananana azo ahetsika toa ny fanaka, izay tsy azon'ny olon-tokana na vondron'olona avadika ho fananana manokana na angatahana fitompoana.

**«Domaineprivé» :** fananam-panjakana tsy tafiditra ao anatin'ireo fepetra eo ambony(«domaine public») ireo. Fanananafehezin'ireo fitsipika fototra sy ireo izay apetraky ny fahefana mahefa.

**Famerenana amin'ny laoniny:** famerenana amin'ny endriny na toetrany talohan'ny nampiasana azy.

**Bokin'andraikitra:** Ny ministera miandraikitra ny jono sy ny fiompiana trondro dia mamolavola bokin'andraikitra iray ho an'ny famokarana izay mametraka ireo fepetra rehetra tsy maintsy ankatoavin'ny asa fiompiana trondro.

**D. Ny fananganana toeram-pamokarana:**

Ny fanomezan-dalana hananganana toeram-pamokarana dia omen'ny minisitera misahana

5 *Raha ny zava-misy dia ny Minisitra miandraikitra ny jono sy ny fiompiana trondro no manome alalana amin'ny fakana ireo foto-tarazon'ny trondro fakana taranaka eny amin'ny tontolo voajanahary. Efa andalam-panatanterahana ny volavolan-dalàna mahakasika izany, mba hifehezana manokana ny asa fitsongana (zava-misy 2021).*

ny jono sy ny fiompiana trondro rehefa feno ny fepetra voalaza etsy ambony.
Ny famoronana sy/na fanitarana toeram-pamokarana sy/na ny fampitomboana ny karazana fomba fiompiana trondro ampiasaina dia mitaky:

- Fankatoavana avy amin'ny manampahefana eo an-toerana miaraka amin'ny fankatoavana ara-teknika avy amin'ny Fitaleavam-paritry ny ministera miandraikitra ny jono sy ny fiompiana trondro ;
- Fifanarahana ara-potokevitra («accord de principe») avoakan'ny ministera miandraikitra ny jono sy ny fiompiana trondro;
- Fanomezan-dàlana ho an'ny fananan-tany na koa fampanofana maharitra avoakan'ny ministera miandraikitra ny fananan-tany;
- Fanomezan-dàlana avy amin'ny ministera hafa voakasik'izany[6] , arakaraky ny tokony ho izy;
- Fahazoan-dàlana momba ny fitandrovana ny tontolo iainana na taratasy fanamarinana ny fitandrovana ny tontolo iainana omen'ny tomponandraikitra mahefa;
- Fankatoavana avy amin'ny ministeran'ny fikarohana siantifika.

**Fanamarihana :**

### › Ny adidin'ny mpandraharaha mampiasa toeram-pamokarana:

Ny fitrandrahana ny toeram-piompiana trondro natokana ho an'ny sehatra ara-barotra sy ireo mpisehatra isan-tsokajiny dia tsy maintsy miantoka ny kalitaon'ny zana-trondro, ny sakafo-trondro ary koa ny tolotra isan-karazany omeny.

Tsy maintsy alefa any amin'ny minisitera miandraikitra ny jono sy ny fiompiana trondro ny antontanisa momba ny fitrandrahana toeram-piompiana trondro natokana ho an'ny sehatra ara-barotra.

### › Ireo sazy :

Mety haato, tanteraka na mandritra ny fotoana voafetra, ny fitrandrahana ara-barotra ataon'ny toeram-piompiana iray, raha toa ka ahiana hitera-doza ho an'ny tontolo iainana na ho an'ny fahasalamam-bahoaka. Ny fampiatoana dia mety ho voafetra ara-potoana ary koa eo amin'ny velaran-toerana.

Ankoatra izany, dia tsy maintsy iharan'ny fanaraha-maso sy fitsirihana ara-teknika ataon'ny Minisiteran'ny Jono sy ny Fiompiana ireo toeram-piompiana.

Ireo toeram-piompiana izay tafiditra ao anatin'ny tanim-panjakanaka ka voadidy hikatona tanteraka dia tsy maintsy atolotr'ireo mpandraharaha nampiasa azy amin'ny Fanjakana araka ny fepetra voarakitra ao anatin'ny bokin'andraikitra ara-tontolo iainana.

*6 Ny Minisitera misahana ny Tontolo Iainana, izay manome fahazoan-dalana momba ny tontolo iainana na koa taratasy fanamarinana momba ny tontolo iainana omen'ny tompon'andraikitra mahefa (ONE mifandraika amin'ny MEDD, ao amin'ny Ministera miadidy ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana (indrindra eo anivon'ny distrika na ny kaominina eo am-piandohana, ny fanamboarana ny antontan-taratasy ataon'ny mpangataka, ary ny famindrana ny antontan-taratasy ataon'ny distrika na koa ny Minisitera miandraikitra ny fananan-tany.*

**Didim-pitondrana laharana faha-5321-2002 momba ny fananganana toeram-pamokarana zana-trondro sy trondro**

Ny fananganana toeram-pamokarana trondro na zana-trondro ankoatry ny fiompiana trondro an-tokantrano dia mitaky fanomezan-dalana mialoha avy amin'ny Sekreteram-panjakana misahana ny jono sy ny loharanon-karena anaty rano. Misy taratasy fanamarinana omena maimaim-poana amin'izany. Ny solon-tenam-panjakana miandraikitra ny asa fanjonoana sy ny fiompiana trondro akaiky ny mpamokatra zana-trondro indrindra dia afaka manome taratasy fanamarinana hahatomombana tsara ny fandrindrana ny famokarana zana-trondro sy hiadiana amin'ny halatra.

### 4.2.1.4 Ny fanaovana asa famokarana ny atirano maharitra

Ny famokarana maharitra dia miankina sy mivelatra manaraka ny masontsivana sy mari-drefi-pamokarana rehetra miaraka amin'ireo zavatra hafa toa ny tontolo iainana, ny toekarena na ny sosialy.

Ny fepetra voalazan'ny lalàna fototra mifehy ny fiompiana trondro tamin'ny taona 2015 dia mirakitra ny fepetra miaro ny tontolo iainana sy amin'ny fandraisana anjara ny rehetra amin'ny **drafi-panajariana, ny fiaraha-mitantana ara-drariny sy mangarahara ireo faritra voakasika**, ny tsy maintsy hisian'ny **fahazoan-dalana manaja ny tontolo iainana** na koa fananganana **Filankevitra Mpanolo-tsaina momba ny Fitantanana ny Fiompiana trondro**.

- **Ny drafi-panajariana ny toeram-pamokarana :**

Ny zavatra rehetra mahakasika ny fiompiana trondro takian'ny lalàna sy ny drafitra fampandrosoana, miaraka amin'ny fomba fampiharana azy dia apetraky ny didy amandalàna indrindra ny **didim-panjakana laharana faha-2016-1493 tamin'ny 04 Novambra 2016 izay mifehy ny asa fiompiana trondro.**

Ny drafi-pampandrosoana sy ny drafi-pitantanana ny fiompiana trondro dia mamaritra ny toerana, ny fetra, ny habeny ary ny elanelana kely indrindra eo amin'ny toeram-piompiana anankiroa.

Amin'ny ankapobeny, ny drafi-pampandrosoana ny fiompiana trondro dia manondro:
- Ny toerana ara-jeografika misy ireo toerana tsara ho an'ny fiompiana trondro ;
- Ny toerana ara-jeografika misy ny mpandraharaha ;

- Ny haben'ny toerana tsirairay sy ny velaran-tany misy azy ;
- Ny karazana sy rafitra fambolena ;
- Ny foto-tarazo nosafidiana sy tombantombam-pamokarana ;
- Ny fomba fiaraha-mitantanana eo an-toerana ;
- Ny rafitra fiarovana ny tontolo iainana sy ny drafi-pampandrosoana efa misy.

Ny famolavolana ireo drafitra ireo dia mitaky fanomezan-dalana avy amin'ny Minisitera miandraikitra ny jono sy ny fiompiana trondro. Mbola an'ity Minisitera ity ihany koa ny fanomanana sy ny fanavaozana ireo drafitra ireo.

Andraikitry ny olona mirotsaka amin'ny asa fiompiana trondro sy amin'ny hetsika rehetra mifandraika amin'ny fiompiana trondro ny milazalaza ny mahakasika ny asa ataony, mifanaraka amin'io drafi-pampandrosoana ny fiompiana trondro io.

Tafiditra ao anatin'izany ny fanondroana ara-jeografika ny misy ireo toerana mety amin'ny fiompiana trondro ary koa ny toerana misy ireo mpandraharaha, ny fanombanana sy ny fizahana ny toetry ny fitrandrahana ireo foto-tarazo, ny tanjona sy ny laharam-pahamehana amin'ny fametrahana sy ny fitantanana ireo foto-tarazo tsirairay, ny fepetra fiarovana sy fitantanana mba hiantohana ny faharetan'ny asa fiompiana trondro, ny fahafaha-mandray ny toerana tsirairay sy ny velaran-tany misy azy, ny karazana sy ny rafitra fiompiana, ny foto-tarazo nosafidiana. Mbola azo angatahina ihany koa izay fampahalalana hafa mifandraika amin'ny asa fiompiana trondro.

### Ny fiaraha-mitantana ara-drariny sy mangarahara ireo faritra voakasika:

**Lalàna laharana faha-2015-053, tamin'ny 03/02/2016, momba ny Fehezan-dalàna mifehy ny Jono sy ny Fiompiana trondro ary ny lalàna laharana faha-2018-026 tamin'ny 26 desambra 2018 izay manitsy ny lalàna mahakasika ny Fehezan-dalàna mifehy ny Jono sy ny Fiompiana trondro.**

Eo amin'ny lafiny fitantanana sy fametrahana drafitra, ny lalàna dia mirakitra foto-kevitra mahakasika ny **«fiaraha-mitantana ara-drariny sy mangaraharan'ireo faritra (...) an-tanety»** sy ny **«tombontsoan'ny mpampiasa ireo loharanon-karena ary koa ireo mpiara-miombonantoka» (Andininy faha-103).**

Mahakasika an'io manokana, ny lafiny ara-drariny sy mangarahara dia rohy iray mampitambatra ny lafiny maha-olona, ara-batana ary biolojika eo amin'ny faritra iray ao anatin'ny rafi-pitantanana tokana. Io lafiny maha-olona indrindra dia aseho amin'ny fikatsahana hatrany ny fahatezàna, ny fiadanan'ny olombelona ary ny fiahiana ny tontolo iainana.

Ny foto-kevitra miompana amin'ny fiaraha-mitantana ara-drariny sy mangarahara ary ny fampandraisana anjara ny rehetra dia tafiditra ao anatin'ny asa fizaram-paritra, ny fitrandrahana ny fiompiana trondro, ny fiarovana ny tontolo iainana ary ny fanajariana ny morontsiraka sy/na ny tahirin-drano.

- **Fampifanarahana ireo asa rehetra amin'ny fanajana ny tontolo iainana:**

**Didim-panjakana laharana faha-99-954 nasiam-panovana tamin'ny didim-panjakana laharana faha-2004-167 momba ny Fampifanarahana ny fampiasam-bola amin'ny tontolo iainana.**

Ny asa fiompiana trondro dia miankina amin'ny fahazoana  ny iray amin'ireto antontan-taratasy manaraka ireto:

- Ny fahazoan-dàlana ara-tontolo iainana ho an'ny fanajariana, ny asa-vaventy ary ny asa rehetra izay mety hisy fiantraikany ratsy amin'ny tontolo iainana. Voatonona ao anatin'ireo hetsika ireo, ny tetikasa fiompiana indostrialy na «intensif» ;
- Programa milaza ny fandraisana andraikitra rehetra manoloana ny tontolo iainana (PREE) ho an'ny tetikasa fiompiana rehetra ao anaty sokajy«semi-industriel» sy nentim-paharazana.

### 1. Ny fahazoan-dàlana ara- tontolo iainana:

Ny fahazoana fankatoavana aorian'ny fanaovana Fanadihadiana momba ny Fiantraika amin'ny Tontolo Iainana (EIE) ataon'ny Komity Teknika voatokana (ad hoc) momba ny Fanombanana no ahafahan'ny Foibem-pirenena momba ny Tontolo Iainana (ONE), izay nomen'ny Minisitra miandraikitra ny Tontolo iainana fahefana maharitra,manome fahazoan-dàlana ara-tontolo iainana.

Ny ONE dia tsy maintsy manapa-kevitra na hanome na tsia ny fahazoan-dàlana ara-tontolo iainana ao anatin'ny fe-potoana voafetra :

- Ny fanombanana ara-tontolo iainana,farafahatarany **60 andro** aorian'ny fandraisana ny antontan-taratasy sy ny fikirakirana ireto farany ;
- Ny fikirakirana ny antontan-taratasy atao amin'ny alalan'ny fitsarana ampahibemaso **(120 andro);**
- Ny fanomezana fanazavana fanampiny **(10 andro).**

Ny fanomezana na tsia dia miankina amin'ny tatitra momba ny fanombanana ataon'ny mpanatrika sy ny tolo-kevitra ara-teknika momba ny fanombanana ataon'ny CTE. Raha toa ka misy ny fandavana dia azo atao indray ny fangatahana hamerenana ny fanadihadiana amin'ny Minisitra miandraikitra ny tontolo iainana ao anatin'ny 30 andro, mba ho fanaovana tombana vaovao.

**Fanamarihana :**

Ny Fanadihadiana momba ny Fiantraika amin'ny Tontolo Iainana (EIE) dia miompana amin'ny fanadihadiana ara-tsiansa ny fiantraikan'ilay asa amin'ny tontolo iainana. Tafiditra ao anatin'izany ny mety ho fanekena ny haavon'ny fiantraikany sy ny fandraisana fepetra fanalefahana araka izay zakan'ny fetran'ny teknolojia tsara indrindra efa misy, ary amin'ny vidiny azo ekena eo amin'ny lafiny ara-toekarena.

Ny fandaniana sy ny andraikitra momba ny fampiharana ny EIE dia anjaran'ny mpandraharaha manontolo.

Ny votoatiny dia miankina amin'ny haben'ny asa sy ny fanajariana kasaina hatao ary koa ny fiantraikany amin'ny tontolo iainana.

Ny votoatin'ny EIE dia tokony hahitana farafaharatsiny :

- Taratasy fanamarinana ny fananan-tany ho an'ny toerana misy ny tetikasa ;
- Famaritana ny tetikasa fampiasambola;
- Fanadihadiana eo amin'ny rafitra ara-tontolo iainana voakasika na mety ho voakasiky ny tetikasa ;
- Fanadihadiana sy faminavinana ny mety ho vokatry ny asa sy fidirana an-tsehatra hatao eo anivon'ireo rafitra voalaza etsy ambony ;
- Drafi-Pitantanana ny Tontolo iainana ho an'ny Tetikasa (PGEP) ;
- Famintinana tsy ara-teknika voasoratra amin'ny teny malagasy sy frantsay[7].

amin'ny alalan'ny famintinanana, ireo fepetra tokony ho raisina hanafoanana, hampihenana na hanonerana ny vokadratsy ateraky ny tetikasa eo amin'ny tontolo iainana.

Ireo fepetra ireo dia ho tafiditra ao amin'ny Drafi-Pitantanana ny Tontolo iainana ho an'ny Tetikasa (PGEP).

Ny EIE dia hanaraka ireto dingana manaraka ireto :

- Ny fametrahana fangatahana fanombanana any amin'ny Foibempirenena momba ny Tontolo Iainana (ONE) ;
- Ny fandraisan'ny besinimaro anjara amin'ny alalan'ny fandinihan'izy ireo, eo an-toerana,ireo antontan-taratasy rehetra, ary koa ny fanombanana amin'ny alalan'ny fanadihadiana sy fizahana ampahibemaso ;
- Fanombanana ara-tontolo iainana (izay miafara amin'ny fanomezana fahazoan-dàlana ara-tontolo iainana).

Rehefa vita ny EIE dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny voalaza ao amin'ny antontan-taratasy momba ny drafitra napetraka ny asa rehetra kasaina hatao. Ny EIE, izay voasoratra amin'ny teny malagasy na frantsay, dia tsy maintsy manasongadina,

Raha misy tsy fanarahan-dalàna, ny ONE, miaraka amin'ny minisiteran'ny sehatra voakasika, dia afaka manome sazy (didy, fampiatoana na fisintomana ny fahazoan-dalana ara-tontolo iainana, fampiatoana ny asa, fanakatonana ny orinasa).

7 *Io famintinana io dia manamora ny fahafantaran'ny besinimaro ny tsara hofantatra rehetra voarakitra ao anatin'ny fanadihadiana. Ho azon'ny besinimaro vakiana izany ary hilazalaza ny toetoetry ny toerana sy ny tontolo iainana manodidina fony mbola tsy nisy ilay tetikasa, ny fanovana nataon'ny tetikasa ary ny fepetra kasaina hanalefahana ny fiantraikany eo amin'ny tontolo iainana.*

## 2. Ny Programa milaza ny fandraisana andraikitra rehetra manoloana ny tontolo iainana (PREE)

Ity programa ity dia tantanan'ny Sampana misahana ny Tontolo iainana ao amin'ny Ministeran'ny sehatra voakasika, izay miandraikitra ny fanaraha-maso ny asa mivantana. Izany dia miompana amin'ny fanoloran-tenan'ilay mpandraharaha handray fepetra hanalefahana ny fiantraikan'ny asa ataony amin'ny tontolo iainana, ary koa ny fanarenana ny toerana misy izany raha toa ka misy ny fampitsaharana ny asa.

- **Komity Mpanolo-tsaina momba ny Fitantanana ny Fiompiana trondro:**

**Didim-panjakana laharana faha-2016-1493 tamin'ny 04 Novambra 2016 mifehy ny asa fiompiana trondro**

Atsangana ny Komity Mpanolo-tsaina momba ny Fitantanana ny Fiompiana trondro izay filan-kevitra mahakasika ny politikan'ny fiompiana trondro ao amin'ny Minisitera miandraikitra ny jono sy ny fiompiana trondro. Izy no manome soso-kevitra sy tolo-kevitra.

Ny fahefan'io Komity io dia ny:

- Famaritana ny fepetra hiantohana ny fitantanana voalanjalanja ny asa fiompiana trondro ;
- Mandray anjara amin'ny fanapariahana ny fahaiza-manao momba ny fiompiana trondro ;
- Fanomezana fanohanana ara-teknika ny mpiompy trondro ;
- Mandray anjara amin'ny andrana, ny asa fikarohana, ny fanadihadiana ara-tsosialy sy ara-toekarena, ny fanombanana ny tetikasa fiompiana trondro rehetra ary koa ny fampiharana azy ireo eo amin'ny sehatry ny fiompiana trondro.

Ahitana ireto mpikambana manaraka ireto ny Komity, izay voatendry amin'ny alalan'ny didim-pitondrana : solontena enina avy ao amin'ny minisitera miandraikitra ny jono sy ny fiompiana trondro, solontena avy amin'ny Fahefana miandraikitra ny fiarovana ara-pahasalamana ny vokatra avy any anaty rano (Autorité Sanitaire Halieutique), solontenan'ny minisitera miandraikitra ny fikarohana siantifika, solontena avy amin'ny minisitera misahana ny tontolo iainana, solontenan'ny minisitera misahana ny fiompiana, solontenan'ny minisitera misahana ny fanajariana ny tany, solontenan'ny minisitera misahana ny Indostria, solontenan'ny ministera miadidy amin'ny fitsinjaram-pahefana, solontena roa avy amin'ny vondron'ny mpiompy tondro (groupements), solontena roa avy amin'ny fikambanan'ny mpiompy trondro (associations), solontena roa avy amin'ny Fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana/tetik'asa/programa miasa eo amin'ny sehatry ny fiompiana trondro.

### 4.2.1.5 Ny sazy mihatra manoloana ny fandikan-dalàna eo amin'ny sehatry ny asa fampamokarana ny atirano

#### A. Iza no mandray fepetra ?

Ny fandikan-dalàna mifandraika amin'ny fampamokarana ny atirano dia hamarinin'ny Tomponandraikitra vita-fianianana manana sata toa ny «Officiers de Police Judiciaire» miandraikitra ny fitsirihana sy fanaraha-maso ataon'ny minisitera voakasika.

Ireo olona voalaza ireo dia nomena fahefana hiditra amin'ireo toerana sy trano fitrandrahana matihanina ary koa hanao fisavana rehefa feno ny fepetra rehetra ahazoany manao izany araky ny lalàna. Azon'izy ireo atao ny mandinika sy maka dika mitovy ny antontan-taratasy ara-pitantanana sy ara-teknika rehetra mifandraika amin'ny fitrandrahana na koa fisafoana ireo toerana, trano, foto-drafitrasa, fiara ampiasana amin'ny sehatra matihanina.

Ny hetsika rehetra ataon'ireo manampahefana ireo dia tsy maintsy arahana tatitra. Ireo tatitra voarakitra ireo dia manan-kery mandra-panaporofoana ny maha hosoka izany, ary tsy maintsy voasoniany amin'ny ara-dalàna.

**«Officiers de Police Judiciaire» :** ny fitambaran'ireo mpiasam-panjakana rehetra, napetraka eo ambany fahefan'ny Fampanoavana manatanteraka ny hetsika sy iraka amin'ny fanadihadiana ataon'ny mpitandro filaminana sy ny fanadihadiana momba fahatratrarana ambody omby.

**Tomponandraikitra vita fianianana :** mpiasam-panjakana nomena alalana hanampy amin'ny fanadihadiana na fanamarinana ny fandikan-dalàna iray.

**Fisavana:** fikarohana porofo ataon'ny mpitandro filaminana momba ny fandikan-dalàna iray. Voafehin'ny lalàna velona tanteraka izany.

**Fanaporofoana ho hosoka :** hetsika ara-dalàna mihatra amin'ny karazana tatitra rehetra, izay mikendry ny hanimbana, hanovana na hamenoana azy amin'ny toromarika/filazana tsy marina.

**Famerenan-keloka :** Fanaovana fandikan-dalàna vaovao aorian'ny efa naha-meloka ny olona iray.

#### B. Ny fomba fifampiraharahana fandoavana ny sazy :

Ny fomba fifampiraharahana fandoavan-tsazy dia azo faritana **ho fomba iray ahafahan'ny fanjakana manolotra fisorohana ny fandalovan'ireo mpadika lalàna amin'ny fitsarana heloka bevava, saingy ho tambin'izany kosa dia tsy maintsy mihaiky heloka ary mandoa lela-vola mifanaraka amin'izany sazy izany ireto farany**. Ny

Minisitera, miainga avy amin'ny tolo-kevitry ny vaomiera momba ny fifampiraharahana fandoavan-tsazy, no mamaritra ny lela-vola tokony haloa. Amin'ny alalan'ny fampandrenesana an-tsoratra no ampitana amin'ilay olo-meloka ny fanapahan-kevitry ny ministera. Io dingana farany io no manafoana amin'ny fomba ofisialy sy ara-dalàna ny fanenjehana rehetra.

Rehefa hita sy nohamarinina ny fisian'ny fandikan-dalàna iray, ny minisitera miandraikitra ny jono sy ny fiompiana trondro dia afaka mampiato ny asa mandra-pahatapitry ny fanadihadiana sy/na mangataka ny fanakatonana ilay toeram-piompiana trondro. Araka izany dia afaka miroso amin'ny fepetra fanagiazana ireo trondro nompiana, ireo foto-tarazo sy fakana taranaka ary koa ireo fitaovana, mba ho fikajiana izany amin'ny fotoana voafetra, avy hatrany ny ministera; tsy maintsy arahana tatitra voarakitra an-tsoratra mazava tsara izany fepetra fanagiazana izany.

Ny lalàna dia milaza fa: ny ministera miandraikitra ny jono sy ny fiompiana trondro, aorian'ny fankatoavan'ny vaomieran'ny fifampiraharahana fandoavan-tsazy,dia afaka miroso amin'ny fampanaovana fifampiraharahana fandoavan-tsazy amin'ny anaran'ny Fanjakana ho an'ny karazana fandikan-dalàna rehetra voatondron'ny lalàna, miaraka amin'ireo olona meloka ary koa ireo olona hafa voarohirohy amin'izany. Ny olona mpamerin-keloka kosa dia tsy azo omena io fahafaha-mandoa sazy io intsony. Ny fifampiraharahana fandoavan-tsazy dia mamafa avy hatrany ny fanejehana rehetra eo anivon'ny lalàna .

Fe-potoana fito (7) andro fiasana aorian'ny fampandrenesa avy amin'ny Minisitera no ahafahana mametraka fanekena na fandavana ny fifampiraharahana fandoavan-tsazy. Rehefa dila io fe-potoana io, dia alefa any amin'ny «Procureur de la République» mahefa avy hatrany ireo tatitra rehetra ary hitohy indray ny fanenjehana ny voapanga.

Ny fandoavan-tsazy dia atao eo anivon'ny Tahirimbolam-panjakana (Trésor publique) ao anatin'ny fe-potoana telopolo (30) andro aorian'ny nandraisana ny didy.

Ny mpandraharaha sy ny tompon'ny toeram-piompiana na ny sambo nampiasaina tamin'ny asa fiompiana trondro, na ny toeram-panodinana, na ny toerana famolavolana na fitahirizana ireo vokatra fiompiana trondro dia tompon'andraikitra amin'ny fandoavana ny lamandy avokoa eo imason'ny lalàna. Ny tsy fandoavana ny lamandy ao anatin'ny fe-potoana voafetra dia mahatonga fanenjehana eo anivon'ny lalàna avy hatrany.

Ny fandoavana ny lela-vola mifanandrify amin'ny sazy dia midika fanekena ilay fandikan-dalàna, ary mitovy lenta amin'ny fanamelohana voalohany mba hahafahana mamantatra sy manamarina ny mety ho famerenan-keloka indray any aoriana.

Ny fifampiraharahana fandoavan-tsazy sy ny fanenjehana ara-keloka dia tsy mitovy ary tsy mifandray. Raha ohatra ka nisy fijoroana mpangataka onitra (Partie civile) dia tokony haato aloha izany fangatahana onitra izany. Tsy azo atao intsony ny manome fifampiraharahana fandoavan-tsazy aorian'ny filatsahan'ny didim-pitsarana manan-kery sy tsy azo ihodivirana iray.

## D. Ireo sazy mifandraika amin'ny fampamokarana ny atirano

Ny sazy mifandraika amin'ny fiompiana trondro dia nasiam-panovàna tamin'ny fampiharana ny lalàna laharana faha-2018-026 izay fanavaozana ny fehezan-dalàna laharana faha-2015-053. Ity fizarana ity dia mirakitra ireo sazy hita tao anaty lalàna 2015 sy mifandraika amin'ny fanovana hita ao anaty lalàna 2018.

Araka izany ireo fanovana ireo dia mahakasika ny fanafoanana ny sazy an-tranomaizina, ny fanovana ireo onitra amin'ny Dolara ho lasa Ariary.

| | Karazany | Sazy |
|---|---|---|
| 1 | Fanomezan-dalana ara-barotra | Ny fananganana toeram-piompiana trondro ara-barotra tsy nahazoana fahazoan-dàlana dia maha-voa lamandy sy ahazoana fampitsaharana ny fanofana ilay toerana. Ho an'ny fitrandrahana manana endrika«semi-intensif» na «intensif» dia lamandy 6.000.000 Ariary hatramin'ny 15.000.000 Ariary isaky ny hektara na dobo fiompiana trondro na velaran-tany fiompiana no tsy maintsy aloa; ary ho an'ny fitrandrahana manana endrika «extensif» kosa, ny lalàna dia mametra ny lamandy ho 3.000.000 Ariary hatramin'ny 6.000.000 Ariary isaky ny hektara na dobo fiompiana na velaran-tany fiompiana. Ny fampitsaharana ny fampanofana maharitra dia ambara amin'ny alalan'ny didy avoakan'ny minisitera miandraikitra ny fananan-tany avy amin'ny tolo-kevitry ny ministera misahana ny jono sy ny fiompiana trondro. |
| 2 | Fahazoan-dàlana ara-tontolo iainana | Raha toa ka tsy manana fahazoan-dàlana na fanomezan-dàlana ara-tontolo iainana ny mpandraharaha (semi-intensif na intensif) iray manao io asa io, dia voasazy handoa onitra 6.000.000 Ariary hatramin'ny 15.000.000 Ariary isaky ny hektara na dobo fiompiana trondro na velaran-tany fiompiana. |
| 3 | Ny fampiasana sambo amin'ny fiompiana trondro | Ny tsy fananana fanomezan-dalana hampiasa sambo amin'ny fiompiana trondro dia maha voasazy amin'ny alalan'ny fandoavana onitra 600.000 Ariary hatramin'ny 1.500.000.000 Ariary. |
| 4 | Ny karazana/ foto-tarazo ho an'ny fiompiana trondro ara-barotra | Ny tsy fananana fanomezan-dalana hiompiana foto-tarazo amin'ny karazany maro voatokana ho an'ny fampamokarana ny atirano natao ho an'ny sehatra ara-barotra dia maha voasazy amin'ny alalan'ny fandoavana onitra 600.000 Ariary hatramin'ny 1.200.000.000 Ariary. |

| | Karazany | Sazy |
|---|---|---|
| 5 | Ny tsy fanajana izay voalaza ao amin'ny bokin'andraikitra | Ny tsy fanajana izay voalaza ao amin'ny bokin'andraikitra<br>Dia maha voasazy amin'ny alalan'ny fandoavana onitra 21.000.000 Ariary hatramin'ny 45.000.000 Ariary, izay tsy manakana ny mety ho fanenjehana amin'ny heloka bevava etsy ankilany. Ny famerenan-keloka dia mampitombo avo roa heny ny sazy. |
| 6 | Ny fanafarana akora fototra sy fitaovana | Ny fanafarana akora fototra sy fitaovana tsy nahazoana alàlana dia maha voasazy amin'ny alàlan'ny fandoavana onitra 300.000.000 Ariary hatramin'ny 600.000.000 Ariary. Ny entana nafarana tsy nahazoana alalana dia tsy maintsy hopotehina. |
| 7 | Fanondranana mbola velona ireo karazana vokatra fiompiana trondro | Ny fanondranana karazana mbola velona, avy amin'ny fiompiana trondro amin'ny endriny trondro fakana taranaka, atody, zana-trondro vao foy, trondro vantony, foto-tarazo ary koa vokatra samihafa avy amin'ny fampamokarana ny atirano, tsy nahazoana alàlana dia maha voasazy amin'ny alàlan'ny fandoavana onitra 3.000.000.000 Ariary hatramin'ny 4.500.000.000 Ariary.<br>Hogiazana ireo vokatra naondrana ka tsy nahazoana alalana.<br>Ny famerenan-keloka dia hampitombo avo roa heny ny sazy omena ary hitarika amin'ny fanakatonana ny toeram-pitrandrahana amin'ny alàlan'ny didy izay avokan'ny Minisiteran'ny Jono sy ny Fiompiana trondro. |
| 8 | Ny elanelana kely indrindra ho an'ny toeram-piompiana trondro roa | Ny tsy fanajana ny elanelana kely indrindra tokony hanasaraka ny toeram-pamokarana[8] roa dia manery ilay anankiray nandika lalàna handao ny toerana na ny ampahany amin'ilay toerana tsy manaja ny elanelana voalazan'ny lalàna, ary hamerina amin'ny laoniny ilay toerana amin'ny endriny teo aloha, ao anatin'ny telopolo (30) andro voasoratra amin'ny tetiandro, aorian'ny nahazahoany fampahafantarana.<br>Raha misy ny tsy fanatanterahana io fepetra io, dia voasazy amin'ny alàlan'ny fandoavana lamandy 3.000.000 Ariary hatramin'ny 4.500.000 Ariary isaky ny hektara  na dobo fiompiana trondro na velaran-tany fiompiana tafiditra ao anatin'ny ampahany tokony hilaozana ilay mpandika lalàna, izay tsy manakana ny mety  ho fanenjehana amin'ny heloka bevava etsy ankilany. |

8 *Ho an'ny Toeram-piompiana makamba ara-indostrialy, araka ny lalàna laharana faha-2001-020 tamin'ny 12 desembra 2001 mifehy ny fomba fanaovana asa fiompiana makamba tompon'andraikitra sy maharitra (andininy 14), dia tsy tokony ho latsaky ny 20 km ny elanelana manasaraka toeram-piompiana makamba ara-indostrialy anankiroa, afa-tsy ho an'ny tranga tsy mahazatra izay efa voafaritry ny lalàna ihany.*
*Ho an'ny fiompiana foza, dia 20 km io elanelana io; 1km ho an'ny fambolena alga ary 100 m kosa ho an'ny fiompiana trondro anaty vovo (cage).*

| | Karazany | Sazy |
|---|---|---|
| 9 | Fifanitsahan'ny toeram-piompiana trondro roa | Ny fifanitsahan'ny toeram-pamokarana roa dia mahatonga ny fandidiana ilay anankiray nandika lalàna handao ny toerana na ny ampahany amin'ilay toerana tsy manaja ny elanelana voalazan'ny lalàna. Ny famerenana amin'ny laoniny ilay toerana, amin'ny endriny teo aloha, dia tsy maintsy atao ao anatin'ny telopolo (30) andro voasoratra amin'ny tetiandroma nomboka amin'ny famoahana didy ho fampahafantarana. Raha tsy izany dia sazy onitra 3.000.000 Ariary hatramin'ny 9.000.000 Ariary isaky ny hektara na dobo simenitra fiompiana trondro no tsy maintsy aloan'ilay nandika lalàna. |
| 10 | Fivarotana «hormone» tsy nahazoana alalana | Ny fivarotana «hormone»,hampiasaina amin'ny famokarana, izay tsy nahazoana alalana dia maha voasazy amin'ny alalan'ny fandoavana onitra 90.000.000 Ariary hatramin'ny 180.000.000 Ariary. |
| 11 | Fitaterana tsy misy fahazoan-dàlana ary tsy misy taratasy fanamarinana ara-pahasalamana | Ny fitanterana sy/na fivarotana tsy nahazoana alalana ary tsy misy taratasy fanamarinana ara-pahasalamana momba ny fitrandrahana vokatra atirano eo amin'ny sehatra nasionaly dia maha voasazy amin' alalan'ny fandoavana onitra 1.500.000 Ariary hatramin'ny 3.000.000 Ariary isaky ny taonina. Tsy maintsy hogiazana ihany koa ireo vokatra namidy sy/na notanterina. |
| 12 | Ny fanaovana tatitra isan-taona | Ny olona iray izay tsy nanao ny tatitra fanao isan-taona mahakasika ny asa fampamokarana ny atirano ataony amin'ny ministera miandraikitra ny jono sy ny fiompiana trondro, dia voasazy handoa lamandy 15.000.000 Ariary hatramin'ny 30.000.000 Ariary. Ilay toeram-piompiany kosa dia omena fampiatoana sy/na fanakatokanana. |
| 13 | Ny fakana ireo zana-trondro na trondro vantony eny amin'ny tontolo ara-boajanahary | Ny fakana zana-trondro na trondro vantony, tsy nahazoana alàlana, eny amin'ny tontolo ara-boajanahary dia mahavoasazy amin'ny alàlan'ny fandoavana lamandy 90.000.000 Ariary hatramin'ny 180.000.000 Ariary. |
| 14 | Ny fakana ireo trondro fakana taranaka | Ny fakana trondro fakana taranaka, tsy nahazoana alàlana, eny amin'ny tontolo ara-boajanahary dia mahavoasazy amin'ny alàlan'ny fandoavana lamandy 90.000.000 Ariary à 180.000.000 Ariary. |
| 15 | Ny fakàna foto-tarazo na koa sakafo eny amin'ny tontolo ara-boajanahary | Ny fakana foto-tarazo na koa sakafo, tsy nahazoana alàlana, eny amin'ny tontolo ara-boajanahary dia mahavoasazy amin'ny alàlan'ny fandoavana lamandy 30.000.000 Ariary hatramin'ny 90.000.000 Ariary isaky ny sokajin-danja[9] . |

9 *Kilao*

| | Karazany | Sazy |
|---|---|---|
| 16 | Ny famotsorana zava-manan'aina avy amin'ny fiompiana trondro eny amin'ny tontolo ara-boajanahary | Ny famotsorana zava-manan'aina avy amin'ny fampamokarana ny atirano, tsy nahazoana alàlana, eny amin'ny tontolo ara-boajanaharydia mahavoasazy amin'ny alàlan'ny fandoavana lamandy 30.000.000 Ariary hatramin'ny 90.000.000 Ariary isaky sokajin-danja. Izany dia miampy fitoriana araka ny lalàn'ny ady heloka bevava  sy ny fanakatonana ny toeram-piompiana. |
| 17 | Ny asa fiompiana trondro izay mety hanimba ny tontolo iainana | Ny asa fiompiana trondro izay mety hanimba ny tontolo iainana, hisy fiantraikany ratsy eo amin'ny mponina, na eo amin'ny sehatr'asa hafa dia mety handraisan'ny ministera misahana ny jono sy ny fiompiana trondro fepetra. Tsy afaka hangataka onitra amin'izany ilay mpandraharaha.<br>Sazy lamandy 1.200.000.000 Ariary hatramin'ny 2.700.000.000 Ariary miampy fitoriana araka ny lalàn'ny ady heloka bevava  sy fanakatonana ny toeram-piompiana no miandry azy. |

*Fafana 3 : Ireo fandikan-dalàna sy sazy mifandraika amin'ny asa fiompiana trondro.*

### 4.2.2 Fifampiraharahana ara-barotra sy fivarotana vokatra

Ireo lalàna mahakasika izany :

- **Didim-panjakana laharana faha-2016-1493 tamin'ny 06 desambra 2016 mifehy ny asa fiompiana trondro;**
- **Didim-panjakana laharana faha-2017-532 tamin'ny 4 jolay 2017 momba ny fivarotana sy fitrandrahana ireo vokatra jono sy fiompiana trondro;**
- **Didim-pitondrana laharana faha-9037-2020 tamin'ny 14 Mey 2020 momba ny karatry ny mpiompy tondro an-dranomamy ;**
- **Didim-pitondrana laharana faha-29214/2017 tamin'ny 28 novambra 2017 mametraka ireo fepetra sy fomba fahazoana fanomezan-dalana hanokatra toeram-pivarotana vokatra sy akoram-bokatra avy amin'ny jono sy ny fiompiana trondro ka voatokana ho sakafon'olombelona ;**
- **Didim-pitondrana laharana faha-3924-2018 tamin'ny 20 Febroary 2018 momba ny fanangonana sy fitanterana vokatra fiompiana trondro;**
- **Didim-pitondrana laharana faha-17927/2018 tamin'ny 11 jolay 2018 momba ny fanomezana fankatoavana  ara-pahasalamana an'ireo fitrandrahana fiompiana trondro miompy sy/na manana biby miaina anaty rano ary koa ireo toeram-panodinana manao asa famonoana faobe an'ireo hazandrano, mba hisorohana ny aretina isan-karazany;**
- **Didim-pitondrana laharana faha-8333-2001 tamin'ny 30 jolay 2001 momba ny lalàna mifehy ny fepetra fahadiovana mahakasika ireo toerana fanomanana, fanodinana, famolavolana, fitahirizana na koa fizarana sakafom-biby na sakafo avy amin'ny biby natokana ho an'ny tsena eo an-toerana.**

Ity fizarana ity dia mahakasika ny momba ny varotra, ny fitrandrahana[10] ireo vokatra jono sy fiompiana trondro. Ny karatry ny mpiompy trondro ihany koa dia horesahina ao amin'ity fizarana ity.

### A. Ny fivarotana vokatra sy akoram-bokatra avy amin'ny fiompiana trondro :

Mitaky fananana **fahazoan-dàlana ara-pahasalamana hitrandraka sy fanamarinana manaraka ny fenitra ara-pahasalamana** ny fivarotana vokatra sy akoram-bokatra avy amin'ny fiompiana trondro. Ireo mpivarotra vokatra fiompiana trondro, ireo tompona trano fisakafoanana ary koa ireo manao asa fanondranana rehetra dia tsy maintsy amin'ny mpanangom-bokatra sy/na mpiompy trondro manana ireto voalaza manaraka ireo ihany no mividy ny vokatra ilainy:

- Ireo laharan'ny fahazoan-dàlana hanao asa fanangonam-bokatra ;
- Taratasy manamarina ny fanaraham-penitra mbola manan-kery ;
- Taratasy fanamarinana ny fiaviana sy ny lalan'ny vokatra.

Tsy maintsy manao tatitra, amin'ny tomponandraiki-panjakana mahefa tandrify izany,ny antotan'isa mahakasika ny 1) fividianana sy fivarotana vokatra nataony 2) ireo tahiry isaky ny karazan-trondro ananany, isam-bolana izy ireo.

#### ◆ Ny fanangonana sy ny fitanterana ireo vokatra avy amin'ny fiompiana trondro:

**Ny didim-pitondrana laharana faha-3924-2018 tamin'ny 20 Febroary 2018 momba ny fanangonana sy ny fitanterana vokatra fiompianatra trondro no mifehy ny fahazoan-dàlana hanangona ary koa ny fahazoan-dàlana hitatitra izay omen'ny Ministeran'ny Fambolena, ny Fiompiana ary koa ny Jono.**

**Tokony hanana fahazoan-dàlana hanangona avokoa ireo mpanangona vokatra fiompiana trondro.** Ny distrika izay misy ny toerana hanaovana ny fanangonana dia manomena azy ireo dika tena izy iray (original) sy dika mitovy iray (copie). Tsy manan-kery ny dika mitovin'ny fahazoan-dalana na dia nohamarinina aza izany. Iray taona no maha manan-kery io fahazoan-dalana io.

**Tokony hanana fahazoan-dàlana hitatitra ilay mpiompy trondro mba hahafahany mitatitra ireo vokatra.** Havaozina isan-taona io fahazoan-dàlana io. Alohan'ny hanaovana fangatahana fahazoan-dàlana hitatitra dia ilaina ny fananana fahazoan-dàlana hitrandraka. Ny Fitaleavam-paritry ny Fiompiana trondro no manome io fahazoan-dàlana hitatitra io.

Ireto avy ny antotan-taratasy ilaina hanaovana fangatahana fahazoan-dàlana hitatitra:

*10 Tafiditra ao anatin'ny fitrandrahana ny fanangonana avy amin'ny ranomamy, ny fivarotana, ny fitahirizana, ny fanondranana, ny fanafarana, ny fitanterana ary koa ny fanodinana ireo vokatra.*

- Anarana sy anaran'ny orinasa (raison sociale) fiompiana trondro ;
- Faritra ;
- Distrika ;
- Kaominina ;
- Fokontany ;
- Karazana hazandrano ompiana ;
- Teknika fiompiana ;
- Velaran'ny tany trandrahina ;
- Vinavina isan-taona ny habetsaky ny vokatra fiompiana trondro.

Tsy maintsy mahafeno ireo fepetra fahadiovana sy ara-pahasalamana[11] rehetra ny fitanterana ireo vokatra fiompiana trondro. Takiana amin'ny mpanangona ny tsy maintsy hanaovany tatitra isam-bolana momba an'ireo antotan'isa rehetra.

## B. Fanondranana sy fanafarana vokatra fiompiana trondro:

**Ho an'ny fanondranana:** Ny Minisitra miandraikitra ny jono sy ny fiompiana trondro ihany no manana fahefana hanome **fahazoan-dàlana hanondrana** vokatra sy akoram-bokatra avy amin'ny jono sy ny fiompiana trondro. Ny vokatra fiompiana trondro natokana haondranana dia tsy maintsy hamarinina amin'ny alalan'ny fananana **fankatoavana ara-pahasalaman**'ilay toeram-pitrandrahana sy **fanamarinana ara-pahasalamana** omen'ny Tompon'andraikitra mahefa eo amin'ny sehatra ara-pahasalamana izay rantsa-mangaikan'ny Minisitera ihany.

**Ho an'ny fanafarana:** ny fanafarana dia mitaky **fanomezan-dalana** avy amin'ny Minisitera miandraikitra ny Jono sy ny Fiompiana trondro ary koa **fanomezan-dalana ara-pahasalamana.**

**Biby tsy azo hanina:** Ny vokatra avy amin'ny hazan-drano ahitana soritra poizim-biby (pesticides) dia voarara ny fihinanan'ny olombelona azy.

## D. Toeram-panodinana vokatra fiompiana trondro :

### 1. Toeram-panodinana :

Ny toeram-panodinana ny vokatra fiompiana trondro dia nanao fanasokajiana araka ny habetsahan'ny vokatra azony manaraka ireto sokajy telo ireto :

- Sokajy voalohany: taham-pamokarana mihoatra ny zato (100) taonina isan-taona ;
- Sokajy faha-2 : taham-pamokarana eo anelanelan'ny folo (10) ka hatramin'ny zato (100) taonina isan-taona ;
- Sokajy faha-3 taham-pamokarana latsaky ny folo (10) taonina isan-taona.

Manomboka eo amin'ny sokajy faharoa, ny fanokafana toeram-panodinana vokatra fiompiana

*11 Ny fepetra ara-pahasalamana dia tsy voafaritra (voatokana) ao amin'ny lalàna mahakasika ny karatra mpiompy trondro. Ny didim-pitondrana laharana faha-8333/2001 tamin'ny 30 Jolay 2001 mifehy ny fepetra momba ny fahadiovana izay ampiharina amin'ny toerana anaovana asa fanomanana, fanodinana, famolavolana, fitahirizana na fizarana sakafom-biby na sakafo avy amin'ny biby, natao ho an'ny tsena eo an-toerana, ary koa ny Lalàna laharana 2017-048 tamin'ny 8 Febroary 2018 mifehy ny fiarovana ara-pahasalamana ny sakafo sy ny sakafom-biby.*

trondro iray dia tsy afa-misaraka amin'ny fahazoana **fahazoan-dàlana** avy amin'ny minisitera miandraikitra ny fiompiana trondro. Tsy maintsy manana **fankatoavana ara-pahasalamana** ihany koa ny toeram-panodinana iray.

### ◆ Fankatoavana ara-pahasalamana :

Ny toerana fanaovana asa fanomanana, fanodinana, famolavolana, fitahirizana na fizarana rehetra dia tsy maintsy manao fanambarana any amin'ny Sampan-draharahan'ny Veterinera sy ny fahefana ara-pitantanan'ny kaominina misy an'io toerana io.
Ny fanambarana dia tokony hahitana:

- Ny anarana sy ny adiresin'ny tompony ;
- Ny adiresy misy ilay toerana ;
- Ny fanomezan-dàlana hanangana ;
- Ny planina faobe sy manondro ny misy ilay toerana ;
- Ny planina an'ireo trano ao.

Hapetraka eo ambany fanaraha-maso sy fifehezana maharitra ataon'ny veterinera ofisialy ireo trano izay efa nankatoavina ireo.
Vokatra fiompiana trondro nahazo fankatoavana, manana taratasy manamarina ny fanaraham-penitra manan-kery ary koa taratasy fanamarinana ny fiavian'ny vokatra ihany no azon'ny toeram-panodinana vidiana.

## 2. Ny toeram-pivarotana

Mitaky fanomezan-dalana avy amin'ny minisitera misahana ny jono sy ny fiompiana trondro ny fanokafana toeram-pivarotana vokatra fiompiana trondro.

Tafiditra ao anatin'ireo orinasa ireo avokoa ny mpivarotra trondro madinika na ny mpamongadiny mivarotra vokatra fiompiana trondroe[12] rehetra. Azo atao ihany koa ny mametraka «tsenan'ny vokatra avy amin'ny jono sy ny fiompiana trondro» raha toa ka nahazo fanomezan-dalana avy amin'ny minisitera misahana ny jono sy ny fiompiana trondro sy ny kaominina.

**Ny didim-pitondrana laharana faha-29214/2017 tamin'ny 28 novambra 2017 mamaritra ny fepetra sy ny fomba hahazoana alalana hanokafana toeram-pivarotana vokatra sy akoram-bokatra avy amin'ny jono sy fiompiana trondro natokana hohanin'ny olombelona** dia mamaritra ny fomba ahazoana fahazoan-dalana hanokatra toeram-pivarotana vokatra sy akoram-bokatra avy amin'ny jono sy ny fiompiana trondro natokana hohanin'olombelonae:

*12 Ireo orinasa nahazo alalana hanokatra toeram-pivarotana vokatra sy akoram-bokatra avy amin'ny jono avy amin'ny ministera miandraikitra ny jono sy ny fiompiana trondro dia afaka mivarotra vokatra avy amin'ny jono sy ny fiompiana trondro.*

- Ny mpangataka fahazoan-dàlana dia tsy maintsy mitondra ireto antotan-taratasy manaraka ireto any amin'ny Ministera miandraikitra ny jono sy ny fiompiana trondro :
  - **Fangatahana amin'ny taratasy tsotra** alefa any amin'ny Talem-paritry ny jono sy ny fiompiana trondro ;
  - **Fankatoavana mialoha** avy amin'ny Ben'ny tanàna sy ny Lehiben'ny Faripiadidiana miandraikitra ny jono sy ny fiompiana trondro any amin'ny toerana misy ny toeram-pivarotana ;
  - **Antontan-taratasy amin'ny antsipiriany momba ny tetikasany** (Planina faobe manondro sy maneho ny toerana misy ilay toeram-pivarotana, ny fitaovana isankarazany hampiasaina, ny mombamomban'ny vokatra hamidy);
  - **Fandraisana antoka ny momba ny tontolo iainana.**
- Ny Minisitera miandraikitra ny jono sy ny fiompiana trondro no manana ny lisitr'ireo mahazo izany fahazoan-dàlana izany.
- Ny fahazoan-dàlana dia manan-kery mandritra ny iray taona.
- Mba hanavaozana ny fahazoan-dalana, ny mpangataka dia tsy maintsy manao fangatahana amin'ny taratasy tsotra, mitondra ny dika tena izy an'ilay fahazoan-dalana teo aloha, ny antontan'isa momba ny varotra natao tamin'ny taona teo aloha, ary koa dika mitovy amin'ny karatry ny hetra sy ny didy amam-pitsipika momba ny hetra eo anivon'ny Fitaleavam-paritra miandraikitra ny ny Jono sy ny Fiompiana trondro.

Ho an'ny tsena eo an-toerana, **ny didim-pitondrana laharana faha-8333-2001 tamin'ny 30 jolay 2001 mifehy ny fepetra momba ny fahadiovana tokony hampiharina amin'ny toerana fanaovana asa fanomanana, fanodinana, famolavolana, fitahirizana na fizarana sakafom-biby na sakafo avy amin'ny biby natao ho an'ny tsena eo an-toerana**, no misahana ny fampiharana ireo fepetra momba ny fahadiovana tokony hampiharina eo anivon'ny toeram-pitrandrahana sy amin'ny sakafo.

Ny fepetra momba ny fahadiovana ao anivon'ny toeram-piasana dia mifandraika amin'ny toetoetr'ireo trano (ny habe, ny fahadiovana, ny jiro, ny varavarana fivoahana sy ny fanariandrano rehetra, ny fahatomombanan'ny toerana fitahirizana), ny fitaovana (ny ady amin'ny mety hisian'ny fahalotoan'ny sakafo, ny fikojakojana, ny fahadiovan'ny faritra manodidina), ny famatsian-drano (ny fampiasana rano fisotro, ny ranomandry voatahiry sy namboarina, voatahiry amin'ny toerana iray tsy atahorana ho azon-doto) sy ny mpiasa.

Ny sakafo rehetra dia manaraka ny fepetra momba ny fahadiovana rehefa tsy ahitana kantsetsitra, akora misy poizina, zavamiaina bitika mitondra aretina, na kasinga tsy azo hanina. Ireo fepetra ireo ihany koa dia midika fanarahana an-tsakany sy an-davany ireo fepetra amin'ny fampiasana azy mba hisorohana ny fahasimbana sy ny loto, ny fandrarana ny fitahirizana sakafo tsy voafono amin'ny tany sy manakaiky biby fiompy, ny fanajana ireo fepetra mifandraika amin'ny fako tsy azo averina ampiasaina intsony, ny fanajana ireo

fepetra mifandraika amin’ny hafanana, ny fiantohana ny fahadiovana sy ny fikojakojana ny fitaovam-pitanterana ary ny fanaraha-maso ireo toeram-piasana voakasika.

### 3. Toeram-pitahirizana

Mitaky fankatoavana ara-pahasalamana mialoha, avy amin’ny tompon’andraikitra eo anivon’ny minisitera miandraikitra ny jono sy ny fiompiana trondro, ny fametrahana toeram-pitahirizana vokatra fiompiana trondro[13].

## E. Karatry ny mpiompy trondro

**Ny didim-pitondrana laharana faha-9037-2020 tamin’ny 14 mey 2020 momba ny karatry ny mpiompy trondro anaty rano an-tanety** dia mametraka ny karatry ny mpiompy trondro ho taratasy ara-dalàna, porofon’ny maha mpiompy trondro izay omen’ny minisitera misahana ny jono sy ny fiompiana trondro.

Maimaim-poana io karatra io ary dimy taona no faharetany saingy tsy maintsy havaozina isan-taona eo anivon’ny Sampan-draharaham-paritra miandraikitra ny fiompiana trondro. Ny fangatahana fanavaozana dia tsy maintsy atao telo volana alohan’ny fahataperan’ny fepotoan’ny karatra.
Tsy maintsy mahafeno ireto fepetra manaraka ireto ny mpiompy iray vao afaka mahazo karatra mpiompy trondro :

- Tsy maintsy mpiompy trondro matihanina ;
- Manana fahazoan-dàlana hanao asa fiompiana trondro ;
- Nahazo ny fankatoavan’ny Tompon’andraiki-paritra miandraikitra ny fiompiana trondro.

Ny fepetra mifandraika amin’ny karatry ny mpiompy trondro dia mihatra amin’ireo mpandraharaha mitrandraka ireo tahirin-drano an-tanety (ranomamy, farihy,..) voajanahary na artifisialy (amin’ireo «domaine public» sy «domaine privé» ny Fanjakana), tafiditra ao anatin’izany ny fiompiana trondro an-tanimbary.

Ny mpandraharaha manana an’ity karatra ity dia afaka mitatitra sy mivarotra ireo vokatra avy amin’ny toeram-piompiany mandritra ny taona (indrindra amin’ny vanim-potoanan’ny fikatonan’ny fotoam-panjonoana), saingy voafetra hijanona ao anatin’ny faritry ny distrika misy azy ihany izany.

13 *Ilàna fahazoan-dalana hitahiry ny vokatra nampangatsiahana (congelés) sy nohamainina. Ho an’ireo vokatra voahodina kosa dia sady ilàna fahazoan-dàlana izany no ilàna fankatoavana ara-pahasalamana ihany koa.*

**Fanamarihana :**

**Adidin'ny mpiompy trondro amin'ny fivarotana ny vokatra fiompiana trondro :** Ny mpiompy trondro rehetra dia mila mampiseho ny zava-misy amin'ny toeram-pamokarana azy ireo alohan'ny fanakatonana ny jono amin'ny alàlan'ny rejisitry ny fitehirizana ny akora sy ny rejisitry ny vokatra sy ny varotra[14].

## 4.2.3 Lohahevitra manokana

Ity lohahevitra ity dia mahakasika foto-kevitra vitsivitsy izay tokony asiana tsindri-peo manokana. Anisan'izany ny fandriam-pahalemana, ny fahadiovana sy ny fahasalamana, ny sakafo sy ny fitaovana na akora fototra hafa, ny (Comité technique pour la promotion de l'élevage et d'organisme aquatique monosexe), ny fampidirana karazana (foto-tarazo) vaovao ary ny fitrandrahana ny amalona.
Ireo lalàna mahakasika izany :

- **Lalàna laharana faha-2001-004 tamin'ny 25 oktobra 2001 momba ny fepetra sy fitsipika ankapobeny rehetra mahakasika ny Dina ;**
- **Fehezandalàna momba ny heloka bevava navoaka tao amin'ny Gazety ofisialy laharana faha-240 tamin'ny 7 septambra 1962 pejy 1766 ary nohavaozina tamin'ny 31 martsa 2005 ;**
- **Lalàna laharana faha-2006-030 tamin'ny 24 Novambra 2006 momba ny Fiompiana eto Madagasikara ;**
- **Lalàna laharana faha-2015-003 tamin'ny 20 janoary 2015 momba ny Satan'ny Tontolo iainana malagasy ;**
- **Lalàna laharana faha-2017-048 tamin'ny 8 febroary 2018 mifehy ny fiarovana ara-pahasalamana ny sakafo sy ny sakafom-biby ;**
- **Didim-panjakana laharana faha-2004-041 tamin'ny 20 Janoary 2004 mametraka ny fepetra mihatra amin'ny fanafarana sy fanondranana biby, vokatra, sakafo avy amin'ny biby, masomboly, taho ary sakafo natao ho an'ny biby fiompy ;**
- **Didim-panjakana laharana faha-2005-375 tamin'ny 25 jona 2005 nanangana ny Sampan-draharahan'ny fahasalaman'ny jono ;**
- **Didim-pitondrana laharana faha-3925/2018 tamin'ny 20 febroary 2018 mifehy ny fomba fiompiana trondro ao anaty fefy mitsingevana sy ireo foto-drafitr'asa amin'ireo fari-dranom-panjakana ;**
- **Didim-pitondrana laharana faha-17927/2018 tamin'ny 11 jolay 2018 mikasika ny fankatoavana ara-pahasalamana ho an'ny toeram-piompiana sy/na fitahirizana hazan-drano ary koa ireo sampan-draharaha manodina sy mitodika manao asa famonoana hazan-drano, ho an'ny ady amin'ny aretina ;**

*14 Jereo ny didim-panjakana laharana faha-2016-1493 mifehy ny asa fiompiana trondro.*

- **Didim-pitondrana laharana faha-18598/2018 tamin'ny 24 jolay 2018 mikasika ny fitantanana sy fitrandrahana ny amalona eto Madagasikara ;**
- **Didy laharana faha-277/2022/MMPEB/Mi mametraka amin'ny toerany ny Komity Teknika ho an'ny fampiroboroboana ny fiompiana sy ireo zavamananaina tokam-pananahana mivelona anaty rano.**

## 4.2.3.1 Ny fiarovana/Fandriampahalemana

### A. Fehezan-dalàna famaizana nivoaka tao amin'ny Gazety Ofisialy laharana faha- 240 tamin'ny 7 septambra 1962 pejy 1766 ary nohavaozina tamin'ny 31 martsa 2005

Ireo andinindinin'ny fehezan-dalàna famaizana mahakasika an'ity seha-pihariana ity:

- **Andininy faha-388 andàlana faha-12:** *« «Izay rehetra mangalatra na manandrana hangalatra eny an-tsaha, biby fiompy na fitaovam-pambolena, dia hahazo sazy an-tranomaizina mandritra ny herintaona fara-fahakeliny ary dimy taona fara-fahabeny (…)* ***Sazy mitovy amin'izany no hampiharina amin'izay tratra mangalatra na manandrana mangalatra ireo vokatra anaty rano, trondro an-dobo na amin'ny fitahirizan-drano****, hazo efa voakapa ary vato eny amin'ny toeram-pitrandraham-bato (carrières). Na zovy na zovy mangalatra, na nanandrana nangalatra, eny an-tsaha, ny voka-pambolena, na vokatra hafa mahasoa avy amin'ny tany, na izay efa niongotra niala amin'ny tany, na koa ireo vato fikosoham-bary ampiasaina amin'ny fotoam-piotazana, dia hosazina an-tranomaizina dimy ambin'ny folo andro ka hatramin'ny roa taona. Raha tamin'ny alina no nanaovana ny halatra, na nataon'olona maromaro, na tamin'ny alalan'ny fampiasana fiara na biby mpilanja entana, dia misazy iray ka hatramin'ny dimy taona ny am-pigadrana.*

  *Raha toa ka misy halatra na fanandramana hangalatra voly na vokatra hafa mahasoa avy amin'ny tany, izay talohan'ny nakana azy,izany hoe mbola tsy niongotra tamin'ny tany, ka natao tamin'ny alalan'ny fampiasana harona na ny toy izany , na natao tamin'ny alina, na tamin'ny alalan'ny fampiasana fiara na biby mpilanja entana, na nataon'olona maromaro, ny sazy tandrify izany dia fanagadrana an-tranomaizina dimy ambin'ny folo andro ka hatramin'ny roa taona. Amin'ireo tranga voarakitra ato amin'ity andinin-dalàna ity dia mety hampiharina ihany koa ny lamandy 20 000 Ariary hatramin'ny 900 000 Ariary. Ireo meloka dia mety hovery an'ireo zo rehetra na amin'ny ampahany, izay voatanisa ao amin'ny andininy faha-42 mandritra ny dimy taona fara-fahakeliny ary folo taona fara-fahabetsany, manomboka amin'ny andro ampiharana aminy ny saziny. Izany fahaverezan-jò izany dia tsy miankina amin'ny sazy velively. »*

- **Andininy 452 :** *« Na iza na iza manapoizina soavaly na biby mpitari-tsarety hafa, na biby fitaingina na mpitondra entana, biby misy tandroka, ondry, osy na kisoa, **na trondro ao anaty dobo**na fitahirizan-drano isan-karazany, dia hosazina higadra iray ka hatramin'ny dimy taona ary hampandoavina onitra 100.000 Ariary hatramin'ny 900.000 Ariary ».*

- **Andininy 453 bis:** *« **Na iza na iza manapoizina trondro amin'ny farihy, renirano na tahirin-drano hafa** dia hahazo sazy an-tranomaizina mandritra ny enim-bolana ka hatramin'ny dimy taona sy lamandy 100.000 Ariary hatramin'ny 1.500.000 Ariary. Sazy mitovy amin'izany ihany koa no ho azon'izay minia manao na mandray anjara an-tsitrapo amin'ny fanaparitahana valan'aretina «épizootie» amin'ny biby fiompy, eny amin'ny toeram-piompiana akoho amam-borona, na fahitra, tantely, bibin-dandy (soherina) ary koa biby fihaza. Ny fikasan-dratsy hanao izany dia hahazo sazy mitovy lenta amin'ny fandikan-dalàna efa natao ».*

- **Andininy 457 :** *« Hosaziana amin'ny lamandy tsy mihoatra ny ampahefatry ny tamberim-bidy sy ny onitra , ary tsy latsaky ny 100.000 Ariary, ireo tompony na ny tantsaha, na izay olona manana fikosoham-bary, orinasa **na dobo**, ka mahatonga ny arabe na ny fananan'ny hafa hotondraky ny rano, **nohon'ny fampiakarana ny fitahirizan-drano ho ambony mihoatra ny haavo voafaritry ny manam-pahefana mahefa »**.*

## B. Ny Dina

Ny Dina dia voafaritra ho fifanarahana iombonana izay mampiavaka nyMalagasy, amin'ny endriny an-tsoratra, izay safidy malalaka neken'ny ankamaroan'ny fokonolona mihoatra ny valo ambin'ny folo taona.

Ny antom-pisian'ny Dina dia ny fahafahana mametraka fepetra eken'ny lalàna ho an'ny Faritra iray.

Ny Dina dia fantatra kokoa amin'ny alalan'ny fepetra raisina ho fitandrovana ny filaminam-bahoaka, nefa koa afaka miandraikitra ny fampirindrana ny fiainana ara-tsosialy sy ara-toekarena ihany koa izy.

Ny fampiharana azy ireo dia mety hiteraka fifanitsahan'andraikitra amin'ny fampiarana ny lalàna. Noho izany dia ilaina ny mametraka ireo fomba famolavolana sy fankatoavana an'ireo Dina izay faritan'ny lalàna laharana **faha-2001-004 tamin'ny 25 oktobra 2001 momba ny fitsipika ankapoben'ny *Dina*.**

Voaresaka amin'izany ny fampidirana ny Dina ao anatin'ny lamina ara-dalàna eto Madagasikara. Ny tsy fanajana ny Dina dia mitarika ny fampiharana ny sazy antsoina hoe Vonodina.

**1. Ny Famolavolana :**
Avy amin'ny Fokonolona sy ny solontenany ny finiavana sy ny fandraisana andraikitra hametraka ny Dina. Afaka mitondra sy manolotra volavolan-kevitry ny Dina amin'ny tompon'andraikitra mahefa eo an-toerana avokoa ny vondron'olona rehetra.

Atolotra ny Fokonolona na ny solontenany ny fikasana hametraka Dina. Azo antsoina hanohana ny Fokonolona ireo olom-boafidy, ny teknisianina avy amin'ny fitantanan-draharaham-paritra, ny Fitsarana ary ny mpitandro filaminana misahana ny fampiharana ny lalàna eny anivon'ny faritra.

**2. Ny Fananganana ny Dina :**
Azo atao amin'ny ambaratonga maromaro ny fananganana:

- Eo anivon'ny be sy ny maro izay mandrafitra ny Fokonolona ao amin'ny tanàna ary ny Fokontany ;
- Eo anivon'ireo solontena maro an'isa notendren'ny mpikambana ao amin'ny Fokonolona rehetra (isaky ny tanàna ary koa ny Fokontany) ao anatin'ny kaominina iray ;
- Amin'ny alalan'ny fifampidinihana sy fifanekena ataon'ny ankamaroan'ny solontena voatendrin'ny mpikambana ao amin'ny Fokonolona rehetra (isaky ny tanàna ary ny Fokontany) ao amin'ny faritra na faritany mizaka tena iray.

**3. Ny Fankatoavana ny Dina :**
Ny Dina dia tsy azo ampiharina raha tsy:

- Aorian'ny fankatoavan'ny Fitsarana mahefa na ny Fitsarana Ambony - tsy azo atao ny mampiakatra azy amin'ny fitsarana antampony (fangatahana fandravana didy) ;
- Aorian'ny famoahana azy amin'ny alalan'ny peta-drindrina, kabary na amin'ny alalan'ny karazana «doka fanapariahana» hafa.

**Ny ambaratongam-pitsarana:** izany dia tsy misy hafa amin'ny Fitsarana ambaratonga voalohany, ny Fitsarana Ambony ary ny Fitsarana Tampony.

Ny tetikasa Dina dia entin'ny Ben'ny tanàna eo anivon'ny Filankevitra monisipaly na kaominaly ao anatin'ny telopolo (30) andro aorian'ny nananganana azy.

Ao anatin'ny dimy ambin'ny folo (15) andro manomboka amin'ny andro nandraisany ny tetikasa Dina, no hanome ny heviny ilay Filankevitra ary handefa izany any amin'ny solontenam-panjakana[15].

Ao anatin'ny telo (03) andro aorian'ny fandraisana azy eo anivon'ny Fampanoavana no androsoana azy amin'ny Tonia Mpampanoa mba hametrahany ny tsoan-kevitra an-tsoratra avy any aminy.

Ny Filohan'ny Fitsarana ambaratonga voalohany manana fahefana eo amin'io faritra io na ny mpitsara misolo azy dia tsy maintsy manapaka ary mamoaka didy manaraka ny «procédure de référé»[16].

*15 Na ny Prefet izany na ny Lehiben'ny Distrika.*
*16 Eo amin'ny raharaham-pitsarana «civile» dia fomba (procédure) iray ahafahan'ny mpitsara tokana manapaka irery sy mamoaka didy haingana. Azo atao izany raha toa ka tsy misy fanoherana goavana manamarina ny fisian'ny fifandirana.*

Ny antony mety handàvana ny Dina tiana apetraka dia tokony voafaritra anaty lalàna velona. Ny didy mahakasika ny Dina izay navoakan'ny Fitsarana ambaratonga voalohany dia tsy afaka hiakatra mihoatra ny Fitsarana ambony. Iray volana ihany ny fe-potoana farany azo anaovana antso hampiakarana ny raharaha amin'ny fitsarana ambony. Ny Filoha voalohan'ny Fitsarana Ambony dia tsy maintsy manapaka ary mamoaka didy ao anatin'ny dimy ambin'ny folo (15) andro.

Ny Dina nankatoavina dia apetraka eny amin'ny biraon'ny Fokontany mba hahafahan'ny vahoaka mijery sy mandinika azy.

**4. Komity Mpanatanteraka ny Dina**

Ny komity mpanatanteraka ny Dina no miantoka ny fanatanterahana ny Dina. Ny Fokonolona na ny solontenany rehetra no miroso amin'ny fifidianana izay ho mpikambana ao amin'ny birao mba ho fanorenana io Komity Mpanatanteraka ny Dina io. Ity Birao ity dia ahitana Filoha, Filoha lefitra, Mpitam-bola, Mpitam-bola lefitra, sekretera ary mpanolotsaina.

Ny mpikambana ao amin'ity birao ity dia hofidiana avy amin'ireo mpikambana ao amin'ny Fokonolona. Herintaona (01) azo havaozina ny fe-potoam-piasan'ny mpikambana.

### 4.2.3.2 Ny fahadiovana sy ny fepetra ara-pahasalamana

#### A. Ny «Autorité Sanitaire Halieutique (ASH)» (Sampan-draharaha ara-pahasalamana momba ny Jono) :

**Ny rafitra nasionaly miandraikitra ny fanadihadiana ny loza ateraky ny loza avy amin'ny sakafo ratsy kalitao** eto Madagasikara dia :

- Ny birao nasionaly misahana ny fampahafantarana ireo loza[17] izay rantsa-mangaikan'ny biraon'ny praiminisitra ;
- Ny rafitra nasionaly fanombanana ny loza[18] izay rantsa-mangaikan'ny minisitera miandraikitra ny fampianarana ambony sy ny fikarohana siantifika ;
- Ireo sampan-draharaham-panjakana miandraikitra ny fitantanana ny loza[19] izay rantsa-mangaikan'ny ministera mpanara-maso.

*17 Ity birao ity dia tompon'andraikitra amin'ny fandrindrana ireo tomponandraikitra mahefa sy ny sampan-draharaham-panjakana ary sampan-draharaha mpanoro hevitra ihany koa izy no sady mpanelanelana amin'ny famolavolana antontan-taratasy ara-politika sy ara-dalàna izay mahakasika ny fiarovana ara-pahasalamana. Izy koa no miantoka ny fiaraha-miasa eo amin'ny rafitra nasionaly miandraikitra ny fanombanana ny mety ho loza mifandraika amin'ny fahadiovana sy ny fanjarian'ny zava-maniry (phytosanitaire) miaraka amin'ireo tompon'andraikitra mahefa. Izy ihany koa no tompon'andraikitra amin'ny fampitana vaovao mahakasika ny mety ho loza sy mandray an-tanana ireo fitarainana miaraka amin'ny manampahefana hafa. Izy no mampahafantatra ny vahoaka momba ny hetsika mifandraika amin'ny sakafo ary mametraka ireo antotan-kevitra mifandraika amin'ny fiarovana ara-tsakafo.*

*18 Ity rafitra ity dia manampy amin'ny fiantohana ny fiarovana avo lenta ny olona (fahasalamana). Ny anjara asany dia ny manome torohevitra ara-tsiansa sy fanampiana ara-tsiansa sy ara-teknika momba ny politika sy ny lalàna, izay ataony ao anatin'ny fahaleovan-tena tanteraka. Ny toro-hevitra ara-tsiansa dia lasa fototra siantifika ho an'ny famolavolana sy fananganana ireo fepetra eo amin'ny sehatra nasionaly.*

*19 Ny iraka sy ny fahefan'ny sampan-draharaham-panjakana amin'ny ankapobeny dia voafaritra ao amin'ny andininy faha-67 sy ny fanarahana ny lalàna laharana faha-2017-048. Ny Boky Torolàlana dia hifantoka amin'ireo iraka manokana iantsorohan'ny ASH.*

Ho an'ny ministera miandraikitra ny jono sy ny fiompiana trondro, dia ny «Autorité Sanitaire Halieutique»(ASH) no sampandraharaha ofisialy miandraikitra ny fitantanana ny loza mahakasika *ny vokatra jono sy* ***fiompiana trondro*** (anisan'izany ny vokatra hafa azo avy aminy), ary koa ireo ***sakafon-trondro*** (ny fanondranana, ny fanafarana ary ny tsena eo an-toerana).

Araka ny **didim-panjakana laharana faha-2005-375 tamin'ny 25 jona 2005 momba ny famoronana ny Autorité Sanitaire Halieutique**, dia ireto manaraka ireto avy ny anjara andraikitry ny ASH:

- Mamolavola ny politika ho an'ny fiarovana ara-pahasalamana, ny politikan'ny fanofanana ho matihanina mahakasika ny fiarovana ny fahasalaman'ny vokatra jono sy ny fiompiana trondro ary ny politikam-pikarohana sy fampandrosoana ;
- Mamolavola ireo fitsipika mifehy ny fahadiovana eo amin'ny sehatry ny jono sy ny fiompiana trondro, indrindra indrindra ny didy aman-dalàna mifandraika amin'ny fanaraha-maso ny fiaviana sy ny fiarovana ny fahasalaman'ny vokatra jono sy fiompiana trondro ary koa ny famokarana sy fanolorana ireo akoram-pambolena sy akoran-tsakafo mety ho azo ampiasaina eo amin'ny jono sy fiompiana trondro;
- Mampihatra ireo fepetra sy fitaovana mifandraika amin'ny famokarana eo anivon'ny fifaneraserana ara-barotra.

### ◆ Fepetra ankapobeny momba ny sakafo sy ny sakafom-biby:

Ny trondro dia iray amin'ireo sakafo tsy nahodina ary natao ho azon'olombelona hanina.

Ny **Lalàna laharana faha-2017-048 tamin'ny 8 febroary 2018 izay mifehy ny fiarovana ara-pahasalamana ny sakafo sy ny sakafon'ny biby** dia novolavolaina satria ilaina ny fanarenana ara-toekarena amin'ny alalan'ny famerenana amin'ny laoniny indray ny sehatra fandraharahana amin'ny maha izy azy.

Efa voasoritsoritra ao amin'io lalàna io ny **fepetra ankapobeny mahakasika ny sakafo sy ny sakafom-biby**. Ireto avy izany :

› Ireo f**epetra mifandraika amin'ny fifamoivoizana sy ny fiarovana ny mpanjifa** izay midika ho :

- Fahalalahan'ny fivezivezena manerana ny faritra nasionaly, fanadihadiana ireo mety ho sakana (tsy mitanila, mahaleo tena ary mangarahara) ;
- Fandraisana fepetra fitandremana mialoha (mandray fepetra vonjimaika amin'ny fitantanana ny mety ho sakana na loza) ;
- Fiarovana ny tombontsoan'ny mpanjifa (manohitra ny fanambakana sy ny hosoka

mahakasika sakafo sy ireo fanao hafa mety hamitaka ny mpanjifa).

› Ny fepetry ny mangarahara izay midika ho :
- Fakana ny hevitry ny olom-pirenena sy fampitana aminy izay rehetra ilainy ho fantatra ;
- Fizarana vaovao rehefa misy ny mampiahiahy (miaraka amin'ny antony marim-pototra) eo amin'ny lafiny ara-pahasalamana.

› Ireo **adidy ankapobeny momba ny varotra** izay mifandraika amin'ny fanafarana sy fanondranana sakafo[20] ;

› Ireo fepetra ankapobeny mifandraika amin'ny fiarovana ara-pahasalamana. Ny sakafo mampidi-doza dia tsy azo zaraina, amidy na hohanina. Mba hamaritana ny hoe aiza no maha mampidi-doza azy, dia ilaina ny mamaritra ny voka-dratsiny, ny mety ho fanimbana avy aminy, ny mety ho fanapoizinana azo avy aminy na koa ny famantarana ny tahan'ireo sokajina mpanjifa izay sarotiny ara-pahasalamana ka mila fitandremana.

**Fanamarihana :**
**Mihatra amin'ny sakafo natokana ho an'ny biby ihany koa ireo fepetra ireo.**

Andraikitra maromaro no notsoahina avy amin'ireo fepetra ireo :
› Ireto manaraka ireto ny an'ireo **mpandraharaha eo amin'ny sehatra ara-tsakafo :**
- Ny fametrahana rafitra fifanaraha-maso (autocôntrole) amin'ny asa ataony;
- Ny fakana fankatoavana ara-pahasalamana sy/na fisoratana anarana amin'ny fandoavan-ketra (immatriculation) ;
- Ny fampanaraham-penitra ireo fitaovana sy akora ampiasaina hifanaraka amin'ny fepetra takian'ny fiarovana ara-pahasalamana ;
- Raha misy tsy fanajana ireo fepetra ireo dia andraikitr'ilay mpandraharaha no tsy maintsy manao ny fepetra tokony arahina («procédures») ho fampiatoana na ho fanajanonana tanterakany asa ataony.

› Ireto manaraka ireto ny an'ireo **mpandraharaha eo amin'ny sehatra ara-tsakafo :**
- Ny fanajana ny fepetra takiana amin'ny asa famokarana, fanodinana ary fizarana ny sakafo natokana ho an'ny biby ;
- Ny famotehana ireo sakafo mampidi-doza[21].

*20 Jereo ny Lalàna laharana faha-2011-002 tamin'ny 15 Jolay 2011 momba ny Fehezan-dalàna mifehy ny fahasalamana sy ny didim-panjakana laharana faha-2004-041 tamin'ny 20 Janoary 2001 izay mamaritra ny fitsipika mihatra amin'ny fanafarana sy fanondranana biby sy sakafo avy amin'ny biby, masomboly, taho ary sakafo natokana ho an'ny biby.*

*21 Heverina ho mampidi-doza ny sakafo raha toa ka mety hanimba ny fahasalaman'ny olombelona na ny biby ary mahatonga ny sakafo voahodina azo avy amin'ireo ho mampidi-doza ihany koa.*

## B. Fankatoavana ara-pahasalaman'ny biby («zoosanitaire»)

**Ny Didim-pitondrana laharana faha-17927/2018 tamin'ny 11 Jolay 2018 mikasika ny fankatoavana manaraka ny fenitra ara-pahasalamana «zoosanitaire» ny toeram-piompiana miompy sy/na mitahiry biby miaina anaty rano ary koa toeram-panodinana manao asa famonoana biby miaina anaty rano ho an'ny ady amin'ny aretina ,** dia mifehy ireo toerana fiompiana sy/na fitahirizana biby miaina anaty rano rehetra ary koa ireo toeram-panodinana manao asa famonoana biby avy amin'ny asa fiompiana trondro.

Ny **fangatahana** fankatoavana «zoosanitaire» dia apetraka alohan'ny hanombohan'ny asa fitrandrahana. Ny minisitera misahana ny jono sy ny fiompiana trondro no manome ny fankatoavana. Ny mombamomba ny karazana sy ny sokajin'ny hazan-drano fiompy anaty rano miaraka amin'ny fototry ny asa no voalaza ao anaty fangatahana. Ny toeram-piompiana trondro tsirairay dia tsy maintsy anaovana fangatahana fankatoavana tsirairay avy ihany koa.

Ireo mpitrandraka manao asa fiompiana trondro ka manana **foto-drafitrasa sy fitaovana manara-penitra** hampihenana ny fiparitahan'ny aretina araka izay azo ekena ary koa fahafahana manao asa fiompiana mamaly ny filàn'ny karaza-trondro, ny sokajy isan-karazany ary koa ny habetsany ilaina no azo omena ilay fankatoavana.

Ny mpandraharaha mpiompy trondro dia tsy maintsy manana **rejisitry** ny karazan-trondro miaraka amin'ny sokajiny sy habetsany (isa, habeny na lanja) ary koa ny karazana sakafo sy fanafody ampiasainy mandritra ny fitrandrahana. Ny fidirana sy fivoahan'ny trondro fiompy sy ireo vokatra ary akora manodidina azy na azo avy aminy,izay tsy maintsy milaza ny fiaviany, ny toerana handefasana azy ary koa ny isany na ny lanjany sy ny habeny, dia tsy maintsy voalaza ao amin'io rejisitra io ihany koa. Horaisina an-tsoratra ao ihany koa ny taham-pahafatesan'ny fizarana epidemiolojika tsirairay sy ny olana ara-patolojika (aretina) rehetra eo amin'ilay asa fiompiana trondro.

Tsy maintsy atao ary tsy azo ihodivirana ny fitandrovana ny fahadiovana sy ny fisorohana ny fihanaky ny aretina ary koa ny fandraisana fepetra mahakasika ny fampihibohana (quarantaine), ny fanokanana (isolement) sy ny aro-fenitra ara-biolojika (biosécurité).

Ny **laharan'ny fankatoavana«zoosanitaire»** ny toeram-piompiana trondro dia voarakitra eo anivon'ny Ambaratongam-pahefana Mahefa ao amin'ny minisitera miandraikitra ny jono sy ny fiompiana trondro. Ny fahazoana io laharana io dia tsy maintsy ialohavan'ny fangatahana fisoratana anarana ataon'ilay mpandraharaha miandraikitra ilay toerana sy ny fitrandrahana amin'ny manam-pahefana tompon'andraikitra eo anivon'ny ministera miandraikitra ny jono sy ny fiompiana trondro alohan'ny hanombohan'ny asa.

Ny fahazoana manao asa famonoana biby miaina anaty rano dia omena ireo orinasa manana foto-drafitrasa sy fitaovana afaka mampihena ny fihanaky ny aretina ary manana drafi-pitantanana ny mety ho loza ara-pahasalamana ary koa rafitra fikirakirana ireo rano maloto.

Ny fanaraha-maso ofisialy ny toeram-piompiana sy ireo foto-drafitrasa dia ataon'ny manam-pahefana eo anivon'ny minisitera miandraikitra ny jono sy ny fiompiana trondro. Miankina amin'ny vokatry ny fanadihadiana ny loza mety hitranga manodidina ny fitrandrahana ny fiovaovan'ny fiverimberenan'ny fanaraha-maso.

### 4.2.3.3 Sakafo sy akora fototra

Ny **lalàna laharana faha-2006-030 tamin'ny 24 novambra 2006 momba ny Fiompiana eto Madagasikara** dia mandray anjara amin'ny fandrindrana io lohahevitra io.

Andraikitry ny mpitantana misahana ny «Zootechnique» no manara-maso ny sakafo natokana ho an'ny biby.
Ny sakafo natokana ho an'ny biby dia :
- tsy tokony hahitana singa mety hanimba ny fahasalamany na ny fahasalaman'ny mpihinana azy ;
- tsy maintsy misy otrikaina ilaina amin'ny fitomboany ara-batana araka ny tokony ho izy ;
- tsy maintsy manaraka ny fenitra ara-teknika mahakasika ny sakafo.

Laboratoara nankatoavin'ny Ministra miandraikitra ny fiompiana no manao ny fanaraha-maso ny kalitaon'ny sakafo sy ny fanamarinana ny fisian'ny otrik'aina entiny.

#### D. Toeram-pamokarana sakafo natokana ho an'ny biby :
Zooteknisianina iray no manara-maso ny fanomanana, ny fanamboarana ary ny fivarotana ireo sakafo amin'ireo toeram-pamokarana. Tsy maintsy manaraka ny fenitra ara-tontolo iainana ireo orinasa ireo.

**Didim-pitondrana avy amin'ny Minisitra miandraikitra ny fiompiana sy fankatoavana avy amin'ny fitantanan-draharaha misahana ny zooteknika**[23] no fepetra hahazoana **alàlana hanokafana sy hitrandrahana toeram-pamokarana sy fivarotana sakafo.**

Ny toerana fanomanana sy fanamboarana sakafo ary koa ny toerana fivarotana, fitahirizana na fizarana sakafo na akora fototra natao ho an'ny biby rehetra dia fehezin'ny fankatoavan'ny manam-pahefana mpitantana izay miandraikitra ny zooteknika.

Ny mpiasa mahafeno fepetra amin'ny famokarana vokatra avy amin'ny fiompiana biby dia afaka mitantana/manana toeram-pamokarana sakafo mifangaro, toeram-pivarotana iray na koa fizarana sakafom-biby.

#### 4.2.3.4 Komity teknika ho an'ny fampiroboroboana ny fiompiana sy ny zavamananaina anaty rano «monosexe»

Ny **Fanapahan-kevitra laharana 277/2022/MMPEB/Mi mametraka ny komity teknika ho an'ny fampiroboroboana ny fiompiana sy ny zavamananaina anaty rano «monosexe»** no mifehy io Komity io..

Ity komity ity dia tompon'andraikitra amin'ny fifampidinihana momba ny fanafarana sy ny fivarotana hormonina amin'ireo orinasa sy mpamokatra zana-trondro. Izy io dia mandinika sy mamoaka fankatoavana momba ny fangatahana fanomezan-dalalana hamokarana zana-trondro lahy «monosexe».

Ny Komity no manapa-kevitra momba ny fampiharana ny politikam-pirenena momba ny famokarana anaty ranomamy eo anivon'ireo rafi-pamokarana sy fiompiana zava-mananaina anaty rano lahy «monosexe» (Andininy faha-5 andalana 1).

Ny Fanapahan-kevitry ny Ministera voalaza etsy ambony no mametra ny lisitra feno ny mpikambana ao amin'ilay komity, izay ahitana tompon'andraikitra efatra misolotena ny Ministera miandraikitra ny fiompiana trondro, solontena iray avy amin'ny Foibem-pikarohana ho an'ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra (Centre de Recherche Appliquée au Développement Rural), solontena iray avy amin'ny«Maison du Petit Elevage», solontena efatra avy amin'ny mpamokatra zana-trondro ary solontena iray avy amin'ny tetikasa/fandaharan'asa (projet/programme) eo amin'ny sehatry ny fiompiana trondro.

Voatendry hiasa mandritra ny telo taona ireo mpikambana ao amin'io komity io. Raha misy fametraham-pialana na fahafatesana dia mpikambana vaovao no hisolo sy hameno ny toerana banga ary hanapitra ny fe-potoam-piasana sisa.

Miankina amin'ny filàna, fa azo atao ihany koa ny miantso solontenan'ny sampan-draharaham-panjakana hafa eo anivon'ny ministera na fikambanana hafa avy amin'ny sehatry ny fikarohana, ny fahasalamam-bahoaka ary ny tontolo iainana, mba hanatrika ireo fivoriana ka hifanakalo sy hanapaka hevitra.

*22 «Zootechnique Animale»: Ministera miandraikitra ny fiompiana.*
*«Zootechnics Aquatique»: Ministera miandraikitra ny Jono sy ny Fiompiana trondro / fahefana ara-pahasala-man'ny jono.*

Mivory intelo isan-taona ity komity ity. Ary ny fanapahan-keviny rehetra dia atao araka izay lanin'ny besinimaro.

#### 4.2.3.5 Fiompiana trondro anaty fefy mitsingevana

**Ny didim-pitondrana laharana faha-3925/2018 tamin'ny 20 febroary 2018 mifehy ny asa fiompiana trondro anaty fefy mitsingevana sy ireo fotodrafitrasany amin'ny faritra misy ranomamy sy rano matsaboka an'ny Fanjakana «domaines publics continentaux de l'Etat»** dia misahana manokana ny fiompiana trondro anaty fefy mitsingevana[23] na amin'ny renirano lehibe, na renirano kely, amin'ireo lakandrano, farihy ary tohodrano amin'ny fari-dranomamy sy matsabokam-panjakana «domaine publics continentaux de l'Etat».

Fanasokajiana roa araka izany no azo atao dia ny sokajy ho an'ny fitrandrahana lehibe (mihoatra ny 500m$^3$) ary ny fitrandrahana kely (ambanin'ny 500m3).
Mitaky fananana fahazoan-dalana ny asa fiompiana trondro ao anaty fefy mitsingevana.
Mba hahazoana io fahazoan-dalana io dia tsy maintsy :

- Manao fangatahana iray izay alefa any amin'ny minisitera misahana ny jono sy ny fiompiana trondro[24] ;
- Manao fifanarahana amin'ireo mpampiasa ny rano hafa ;
- Maka fahazoan-dalana ara-tontolo iainana.

Ny saran'ny fanombanana ara-tontolo iainana dia andraikitry ny mpangataka avokoa.

**Fanamarihana :**

- Ny mpandraharaha dia tsy maintsy manaraka ny fepetra voalaza ao amin'ny bokin'andraikitra momba ny tontolo iainana ;
- Ny fahazoan-dalana hanao asa fiompiana trondro anaty «cage» dia omena ary misoratra amin'ny anaran'olon-tokana[25] ;
- Ny fahazoan-dalana dia manankery mandritra ny 5 taona manaraka ny tombana ara-tontolo iainana[26] ;

*23 Andininy faha-02 amin'ny didim-pitondrana laharana faha-3925/2018: fiompiana trondro azo ampiharina amin'ny toerana mihidy, amin'ny alalan'ny harato, mitsingevana ary mitaky ny fanagadrana ireo zavamananaina saingy tsy maintsy misy fanavaozan-drano tsy anki-janona».*

*24 Ity fangatahana ity dia ahitana ny anarana na ny anaran'ny orinasan'ny (raison sociale) mpandraharaha, ny famaritana ny tetikasa, ny toerana anatanterahana azy izay mitanisa ny faritra, ny distrika, ny kaominina, ny fokontany ary koa ny tondro (coordonnées) ara-jeografika. Hankatoavina eo anivon'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana sy ny Fitaleavam-paritra miandraikitra ny fiompiana trondro voakasika izany fangatahana izany.*

*25 Azo avela na afindra anefa raha toa ka nahazo fankatoavana avy amin'ny minisitera misahana ny jono sy ny fiompiana trondro.*

*26 Raha toa ka mbola tsy vita ihany ny asa fametrahana ireo fefy mitsingevana herintaona aorian'ny daty namoahana ny fahazoan-dalana, dia ho foana avy hatrany ary tsy hanan-kery ity farany ity.*

- Tsy tokony hihoatra ny antsasaky ny sakan'ny renirano lehibe, ny renirano na ny lakandrano na koa hihoatra ny fahafaha-mandray (capacité d'accueil) ny farihy sy ny tohodrano ny refin'ny haben'ny fefy mitsingevana izay apetraka ;
- 100m farafahakeliny no elanelana tsy maintsy hajaina manelanelana foto-drafitrasa na toeram-piompiana roa ;
- Tsy tokony hihoatra ny 25kg/m3 ny habetsaky ny trondro isaky ny velarana (densité d'empoissonnement) ;
- Raha sanatria misy trangan'aretina na soritr'aretina samihafa tsikaritra, ny mpandraharaha dia tsy maintsy mampandre ny Fitaleavam-paritra voakasika, ny Fitaleavana miandraikitra ny Fiompiana trondro, ny Sampandraharahan'ny fahasalaman'ny jono, ireo veterinera ary ny mpisehatra matihanina hafa ;
- Tsy maintsy manao fanaraha-maso in-dray mandeha isan-taona ireo masoivohon'ny minisitera miandraikitra ny jono sy ny fiompiana trondro ;
- Tsy maintsy mamerina amin'ny laoniny ny toerana notrandrahiny ny mpandraharaha aorian'ny fampitsaharana ny asany, raha toa ka misy izany ;
- Ny mpandraharaha dia tsy maintsy manao tatitra momba ny asa rehetra ataony amin'ny Fitaleavam-paritry ny jono sy ny fiompiana trondro isaky ny enim-bolana.

### 4.2.3.6 Fampidirana «karazana» (foto-tarazo) vaovao sy fiarovana ny harena ara-biolojika

Mahakasika ny fampidirana karazana vaovao sy ny **fiarovana ny harena ara-biolojika**, ny fanafarana sy fanondranana biby fakana taranaka, sakafo avy amin'ny biby, «embryon», atody fikotrika, biby miaina anaty rano, «oeufs embryonnés de poissons», sakafo na akoran-tsakafo natokana ho an'ny biby dia tsy maintsy mandalo amin'ny seranam-piaramanidina na seranan-tsambo voatondro araka ny didy izay omenan'ny Minisitera miandraikitra ny fiompiana[27] irery ihany.

Ny rafitra ara-dalàna momba ny fiarovana ny tontolo iainana, ny **lalàna laharana faha-2015-003 tamin'ny 20 janoary 2015 momba ny satan'ny Tontolo iainana Malagasy** dia mandrisika ny fandraisana fepetra mikasika ny fampidirana ireo karazana ireo. Ity lalàna ity dia mikendry ny hametraka ny fepetra ankapobeny rehetra momba ny fiarovana ny harena voajanahary malagasy sy ny ady amin'ireo karazana zava-manan'aina hafa izay mety hanimba ny tontolo iainana.

*27 Jereo ny didim-pitondrana laharana faha-17927/2018 mikasika ny fankatoavana «zoosanitaire» ny toeram-piompiana trondro manao asa fiompiana sy/na fitahirizana hazan-drano ary koa ny toeram-panodinana manao asa famonoana hazan-drano avy amin'ny fiompiana trondro mba hiadiana amin'ny aretina.*

Ny **didim-panjakana laharana faha-2004-041 tamin'ny 20 janoary 2004 mametraka ny fepetra mihatra amin'ny fanafarana sy fanondranana biby, vokatra ary akoran-tsakafo avy amin'ny biby, masomboly, taho ary sakafo natokana ho an'ny biby** dia mamaritra ao amin'ny andininy faha-4 hoe: *«(…) Voarara ny fanafarana karazam-biby miavaka izay mety hiteraka voka-dratsy toy ny fihinanana sy fandringanana ireo biby sy zavamananaina avy eto an-toerana, ary koa ireo biby ahianahampidi-doza tsy ho an'ny biby fiompiana hafa irery ihany, fa ho an'ny olombelona ihany koa.*

*Ny fanafarana karazam-biby tsy misy eto Madagasikara sy ny fanondranana ireo izay avy eto ka atahorana ho lany tamingana dia tsy azo omena alalana, afa-tsy ireo izay ilaina ho an'ny fikarohana siantifika na ho an'ny fampisehoana manokana ihany. »*

### 4.2.3.7 Ny fitrandrahana ny amalona eto Madagasikara

**Ny didim-pitondrana laharana faha-18598/2018 mahakasika ny fitantanana sy fitrandrahana ny amalona eto Madagasikara no resahana amin'ity fizarana manaraka ity.**

#### A. Ireo toeram-piompiana amalona :

Mba hahazoany fankatoavana «zoosanitaire»[28], ny toeram-piompiana amalona dia tsy maintsy :

- Manana toeram-panodinana nahazo fankatoavana sy mahasahana ireo asa rehetra mifandraika amin'izany ;
- Mitazona ny elanelana 20km farafahakeliny (tomban-davitra avy eny ambony) izay tokony hanasaraka azy amin'ny toeram-pitrandrahana hafa mitovy aminy.

#### B. Ny fanangonana zanak'amalona[29]

Ny orinasa fiompiana amalona izay manao asa fanangona zanak'amalona rehetra dia manana firaketana an-tsoratra (rejisitra) momba ny fanangonana ataony ary koa fanambarana ny habetsaky ny zanak'amalona voaangony. Eo anivon'ny minisitera misahana ny jono sy ny fiompiana trondro no anaovana ny fanambarana ny habetsan'ny voaangona.

Ny adidy tokony hataon'ny mpandraharaha manao asa fiompiana amalona dia: ny tsy maintsy ananany ny tondro ara-jeografika (coordonnées GPS) an'ireo faritra anaovany asa fanangonana, ny tsy maintsy anaovany tatitra momba ny taham-pahafatesan'ireo

*28 Jereo ny didim-pitondrana laharana faha-17927/2018 mikasika ny fankatoavana «zoosanitaire» ny toeram-piompiana trondro manao asa fiompiana sy/na fitahirizana hazan-drano ary koa ny toeram-panodinana manao asa famonoana hazan-drano avy amin'ny fiompiana trondro mba hiadiana amin'ny aretina.*

*29 Zanak'amalona manana fihodirana mangarahara tsy ahitana pentina (pigmentation).*

zanak'amalona (traçage dans un relevé de taux de perte), ny tsy maintsy anajany ireo fepetra ara-pahadiovana sy ara-pahasalamana ary ny tsy maintsy ananany rejisitra[30] .

## D. Ireo fepetra fiarovana amin'ny aretina

Ireo fepetra ireo dia miompana amin'ny fandraisana sy fametrahana fepetra momba ny fampihibohana na fanokanana «quarantaine» sy ny «biosécurité», ny fananana programa fanaraha-maso ara-pahasalamana «zoosanitaire», ny fanaovana hetsika manokana hamantarana ny fitomboan'ny taham-pahafatesana sy ny fihanaky ny aretina, ary ny fananana fitaovana fanadiovana rano maloto. Tsy maintsy mahazo alalana avy amin'ny minisitera miandraikitra ny jono sy ny fiompiana trondro ary mahazo taratasy fanamarinana ara-pahasalamana«zoosanitaire» ny fanondranana zanak'amalona. Ny fanafarana kosa dia tsy maintsy mahazo alalana avy amin'ny Ministera miandraikitra ny jono sy ny fiompiana trondro ary mahazo taratasy fanamarinana ny fiaviana sy ny maha ara-pahasalamana ny entana izay tsy maintsy omen'ny mpamokatra azy.

30 *Ny taratasy fanambaràna dia ahitana ny anaran'ny orinasa, ny taona, ny volana, ny datin'ny fanangonana, ny karazana voangona, ny isa ary ny lanjany amin'ny kilao ny akondro fitaratra.*

# TOVANA

## Tovana 1 : Fehin-kevitra nilaina nandritry ny fanatontosana ny asa

Ity tovana ity dia miresaka momba ireo fehin-kevitra vitsivitsy nilaina teo anivon'ny asa fanohanana sy ny fiaraha-miasa eo amin'ny Singa C an'ny tetikasa sy ny Fanjakana.

### ▪ Lalàna sy fitsipika

**Lalàna :** Fitsipi-pifehezana an-tsoratra mihatra amin'ny rehetra sy maharitra amin'ny heviny hentitra tsy ihodivirana; amin'ny heviny malalaka, ny lalàna dia fitsipi-pifehezana avy amin'ny rafi-panjakana (avy amin'ny parlemanta na rafitra hafa).

**Lalàna «ordinaire» :** Lalàna nolanian'ny Parlemanta araky ny fepetra voafaritry ny Lalàm-panorenana.

**Lalàna «organique» :** Lalàna nolanian'ny Parlemanta ho famenon'ny Lalàm-panorenana.

**Lalàna«cadre» :** Lalàna mametraka ireo fepetra ankapobeny ary mamela ny Governemanta hamolavola azy ireo manaraka ireo fitsipika samihafa. Raha raisina ho ohatra ny Fiompiana trondro, dia ny lalàna laharana faha-2015-053 momba ny fehezan-dalàna misahana ny jono sy ny fiompiana trondro no tandrify izany.

**Didy Hitsivolana :** Fepetra noraisin'ny Governemanta amin'ny raharaha izay tokony ho faritan'ny lalàna. Voafehy ao anatin'ny fe-potoana voafaritra ny antom-pisiany sy ny heriny. Lasa lalàna ny didy hitsivolana rehefa nankatoavin'ny Parlemanta. Raha tsy misy kosa io fankatoavana io dia mijanona hitovy lenta amin'ny fitsipika tsotra ihany.

**Décret-loi :** Fepetra noraisin'ny Governemanta nahazo fanomezan-dàlana avy amin'ny Parlemanta. Manana fahefana mitovy lenta amin'ny lalàna velona izy io ary afaka manova lalàna ihany koa.

**Ny fitsipika** dia fepetra ankapobeny sy tsy misy ifandraisany mivantana amin'ny tsangan'olona izay avoakan'ny manampahefana mpanatanteraka sy mahefa. Ireto manaraka ireto ny ohatra amin'izany:

- Fitsipika fampiharana : ireo dia fepetra an-tsoratra miantoka ny fampiharana lalàna iray. Ireo lahatsoratra ireo dia mifototra amin izay voalaza anaty lalàna ary tsy mifanohitra aminy.
- Fitsipika «autonome» : ireo dia fepetra an-tsoratra natao manokana ho an'ny raharaha ivelan'ny lalàna.


**Didim-panjakana :** Fepetra natao hampiharina amin'ny sehatra ankapobeny na amin'ny isam-batan'olona izay nosoniavin'ny Filohan'ny Repoblika na ny Praiminisitra.

**Didi-mpitondrana :** Fepetra natao hampiharina amin'ny sehatra ankapobeny na amin'ny isam-batan'olona avy amin'ny Minisitera iray na maromaro na koa avy amin'ny manampahefana ara-pitantanana hafa (faritra, kaominina).

## 4. Tetikadim-pitantanana sy ireo lalana mifehy ny fiompiana trondro eto madagasikara

**«Circulaire» :** Toromarika an-tsoratra iray hotanterahina eo anivon'ny sampan-draharaha izay nosoratana ary alefan'ny manampahefana ambony iray ho an'ny mpiasa eo ambany fifehezany.

- **«Pyramide»-ny Kelsen**





*Sary 1 : Pyramide-ny Kelsen*

Ny Pyramide-ny Kelsen dia mamaritra ny **ambaratongam-pahefan'ireo karazana didy aman-dalàna.** Misy fanasokajiana iray izay mandrindra sy mandrafitra ny rafitra ara-dalàna ao amin'ny Fanjakana tan-dalàna iray.

Ity piramida ity dia midika fa ny **didy na lalàna** iray dia tsy maintsy manaja ilay anankiray eo amin'ny ambaratonga eo amboniny ary **tsy azo ovaina na foanana raha tsy amin'ny alàlan'ny didy na lalàna mitovy lenta aminy na ambony noho izy.**

- **Fomba famolavolana sy fankatoavana lalàna (texte)**

Ny fomba famolavolana làlana dia azo atao kisarisary amin'ny fomba tsotsotra toa ity ambany ity :




*Sary2 : Kisarisary maneho ny famolavolana lalàna*

## 4. Tetikadim-pitantanana sy ireo lalana mifehy ny fiompiana trondro eto madagasikara

## Didy hitsivolana :

Volavolan-dàlana

↓

Filankevitry ny minisitra

↓

Sonian'ny Filohan'ny Repoblika

↓

Fandinihana eo anivon'ny Parlemanta

↓ Raha lany, dia mana-kery toy ny lalàna.

↓ Raha tsy lany, mijanona eo amin'ny sehatry ny Fitsipika na tsy hanan-kery.

*Sary3 : Kisarisary maneho ny famolavolana didy hitsivolana*

## Didim-pitondrana :

Volavolan'ny didim-pitondrana (izany hoe avy amin'ny tolo-kevitra avy amin'ny Fitaleavana iray eo anivon'ny Ministera iray)

→ Ny Fitaleavana ara-teknika

→ Sampan-draharaham-paritra

↓ Fakan-kevitra

→ Fanomezana fanamarihana

→ Fitaleavana iray eo anivon'ny Ministera iray (famaranana)

↓ Fanolorana azy hosoniavin'ny Minisitra iray na maromaro ary firaketana azy sy fanomezana laharana ho azy eo anivon'ny Primatiora

→ Fankatoavana ny didy

→ **Fampahafantarana azy (publication)**

*Sary 4 : Kisarisary maneho ny famolavolana didim-pitondrana*

MPEB
MINISTÈRE DE LA PÊCHE ET DE L'ÉCONOMIE BLEUE

coopération allemande
DEUTSCHE ZUSAMMENARBEIT

Mise en œuvre par
giz Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH

# T E T I A N D

## F A R I

| VOLANA | Jolay | | | Aogositra | | | Septembra | | | Oktobra | | | Novembra | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| FE-POTOANA 10 andro | D1 | D2 | D3 | D1 | D2 | D3 | D1 | D2 | D3 | D1 | D2 | D3 | D1 | D2 | D3 |
| TOETRANDRO | VANIM-POTOANA MAINA | | | | | | | | | | | | | | |

| FAMOKARANA KARPA SY TILAPIA AN-DOBO AMIN'NY FARITRA VAKINAKARATRA, MATSIATRA AMBONY, AMORON'I MANIA | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| ***FAMOKARANA ZANATRONDRO*** | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanamainana ireo dobo | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fikarakarana ireo dobo fanatodizan'ny trondro | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fifantenana ireo Ray aman-drenintrondro | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fikarakarana ireo Ray aman-drenintrondro | | | | | | | | | | | | | | | |
| Vanim-potoana fanatodizana* | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fiompiana zanatrondro | | | | | | | | | | | | | | | |
| Vokatra | | | | | | | | | | | | | | | |
| ***FANATAVEZANA*** | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanamainana ireo dobo | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanatsarana ireo dobo | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanamasahana ireo dobo | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fampidirana zanatrondro* * | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanaraha-maso ny fanamasahana | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanaovana jono tsirika | | | | | | | | | | | | | | | |
| Vokatra | | | | | | | | | | | | | | | |

***Ho an'ny famokarana zanatrondro, tsara k**
****Ho an'ny fanatavezana, ny habeny tsara indrindra dia 1 gra**

| FIOMPIANA KARPA AN-TANIMBARY AMIN4NY FARITRA VAKINANKARATRA, MATSIATRA AMBONY, AMORON'I MANIA, ITAS | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| ***FAMBOLENA VARY*** | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fikarakarana ny tanimbary | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanetsana | | | | | | | | | | | | | | | |
| Tsingerim-piainan'ny vary | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanalana ahi-dratsy 1 | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fampidirana zana-trondro* | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanalana ahi-dratsy 2 | | | | | | | | | | | | | | | |
| Vokatra | | | | | | | | | | | | | | | |
| ***FAMOKARANA ZANATRONDRO*** | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fikarakarana ireo dobo fanatodizan'ny trondro | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fifantenana ireo Ray aman-drenintrondro | | | | | | | | | | | | | | | |

# ROM-PAMOKARANA
# TRONDRO
## TRA AFOVOAN-TANY

| Desambra | | | Janoary | | | Febroary | | | Martsa | | | Aprily | | | May | | | Jona | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| D1 | D2 | D3 | D1 | D2 | D3 | D1 | D2 | D3 | D1 | D2 | D3 | D1 | D2 | D3 | D1 | D2 | D3 | D1 | D2 | D3 |
| VANIM-POTOANA ORANA | | | | | | | | | | | | | | | VANIM-POTOANA MAINA | | | | | |

**, ITASY, ANALAMANGA**


**okoa ny fanakotrehana atody anaty «happa»**
**ma farafahakeliny, raha azo atao dia lahy ihany ho an'ny baraoa**

**Y, ANALAMANGA**

| VOLANA | Jolay | | | Aogositra | | | Septembra | | | Oktobra | | | Novembra | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| **FE-POTOANA 10 andro** | **D1** | **D2** | **D3** | **D1** | **D2** | **D3** | **D1** | **D2** | **D3** | **D1** | **D2** | **D3** | **D1** | **D2** | **D3** |
| **TOETRANDRO** | **VANIM-POTOANA MAINA** | | | | | | | | | | | | | | |
| Fikarakarana ireo Ray aman-drenintrondro | | | | | | | | | | | | | | | |
| Vanim-potoana fanatodizana | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fiompiana zanatrondro | | | | | | | | | | | | | | | |
| Vokatra | | | | | | | | | | | | | | | |
| ***FANATAVEZANA*** | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanatsarana ny tanimbary | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanamasahana ny tanimbary | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fampidirana zanatrondro* | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanaraha-maso ny fanamasahana | | | | | | | | | | | | | | | |
| Vokatra | | | | | | | | | | | | | | | |

***Ho an'ny fanatavezana, ny habeny tsa**

| **FAMOKARANA TILAPIA ANATY VOVO MITSINGEVANA AMIN'NY AMIN'NY FARITRA AFOVOAN-TANY** | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| ***FANATAVEZANA*** | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fampidirana zanatrondro | | | | | | | | | | | | | | | |
| Fanaraha-maso ny fiompiana | | | | | | | Tsingerina voalohany manomboka amin'ny | | | | | | | | |
| Jono fitsirihana* | | | | | | | | | | | | | | | |
| Vokatra | | | | | | | Vokatra tsingerina voalohany | | | | | | | | |


Desambra
Janoary
Febroary
Martsa
Aprily
May
Jona
D1 D2 D3 D1 D2 D3 D1 D2 D3 D1 D2 D3 D1 D2 D3 D1 D2 D3 D1 D2 D3
VANIM-POTOANA ORANA
VANIM-POTOANA MAINA
ra indrindra dia 1grama farafahakeliny
zanatrondro 10-20g
Tsingerina faharoa : zanatrondro 10g-30g
Vokatra tsingerina faharoa

# Tovana 2 : Tetiandrom-pamokarana trondro

MPEB
coopération allemande
DEUTSCHE ZUSAMMENARBEIT
Tanterahin'ny
giz Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH

# TETIANDROM-PAMOKARANA TRONDRO

## FARITRA ATSINANANA

### VANIM-POTOANA FAMPANARAHANA IREO KARAZAN-TRONDRO AN-DRANOMAMY SAMIHAFA HITA ANY AMIN'NY FARITRA ATSINANANA

| | Jan. | Feb. | Mar. | Apr. | Mey | Jon. | Jol. | Aog. | Sep. | Okt. | Nov. | Des. |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| ***Karpa mahazatra na Cyprinus carpio*** | | | | | | | | | | | | |
| Fifantenana ireo Ray aman-drenintrondro | | | | | | | | | | | | |
| Fanasarahana ireo Ray aman-drenintrondro (lahy sy vavy) | | | | | | | | | | | | |
| Fiantombohan'ny fotoana fanatodizana | | | | | | | | | | | | |
| Fotoana maha-betsaka ny fanatodizana | | | | | | | | | | | | |
| Vanim-potoana fambanarahana ny karpa | | | | | | | | | | | | |
| ***GOURAMI na Oshronémus Gouramy*** | | | | | | | | | | | | |
| Vanim-potoana fampanarahana | | | | | | | | | | | | |
| ***TILAPIA N. na Oreochromis Niloticus*** | | | | | | | | | | | | |
| Vanim-potoana fampanarahana | | | | | | | | | | | | |
| Fotoana mahabetsaka ny fanatodizana | | | | | | | | | | | | |

| | Jan. | Feb. | Mar. | Apr. | Mey | Jon. | Jol. | Aog. | Sep. | Okt. | Nov. | Des. |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | Vokatra sy fikarakarana ny fotoam-pamokarana 2 | | | | | Vokatra sy fikarakarana ny fotoam-pamokarana 1 | |
| ***FIOMPIANA TRONDRO AN-TANIMBARY*** | | | | | | | | | | | | |
| Tsingerin-taom-pamokarana | | | | | | | | | | | | |
| Fifantenana sy fitahirizana ireo Ray aman-dRenintrondro | | | | | | | | | | | | |
| Tsingerina ivelan'ny fotoam-pamokarana | | | | | | | | | | | | |
| ***FANATAVIZANA AN-DOBO*** | | | | | | | | | | | | |
| **DOBO (MISY AMBANA RIVO-DOZA)** | | | | | | | | | | | | |
| Fanamainana ny dobo | Vanim-potoana rivo-doza | | | | | | | | | | | |
| Tsingerina fanatavezana | | | | | | | | | | | | |
| Tsingerina fanatavezana ivelan'ny vanim-potoana | | | | | | | | | | | | |
| **DOBO (TSY MISY AMBANA RIVO-DOZA)** | | | | | | | | | | | | |
| Tsingerina fanatavezana | | | | | | | | | | | | |
| Tsingerina fanatavezana ivelan'ny vanim-potoana | | | | | | | | | | | | |

⚠ *Ny fiovan'ny toetrandro dia mahakasika ny **fiompiana trondro an-dranomamy** eto Madagasikara ary mety hampisy faharefoana amin'ny faritra voakasika ka mety hampiova ny tetiandrom-pamokarana.*

Navoakan'ny
Deutsche Gesellschaft für
Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH

Projet Aquaculture Durable à Madagascar
Lot IIK 68 Bis Lotissement Bonnet Soavimasoandro-Antananarivo 101
Madagascar

padm@giz.de
www.giz.de/www.giz.de/madagascar-mg

Amin'ny anaran'ny Ministera Federaly Alemana ho an'ny fiaraha miasa ara-toe-karena sy ny fampandrosoana
(Bundesministerium für Wirtschaftliche Zusammenarbeit und Entwicklung, BMZ).
Eo ambany fiahian'ny Ministeran'ny Jono sy ny Toe-karena Manga.